

blue ventures
beyond conservation

TARI-DALANA REHEFA MITARIKA FAMPIANARANA YOUTH GROUPS

BOKY HO AN'NY TANORA

VERSION APRILY 2018

TABLE DES MATIERES

TABLE DES MATIERES

FANAFOHEZAN-TENY

TENY FAMPIDIRANA..... 1

FIZARANA VOALOHANY : 4

IREO LESONA NATOKANA HO AN'NY TANORA MPITARIKA 6

1. NY ANDRAIKITRY NY MPITARIKA.....	6
2. NY FOMBA FITARIHANA FIVORIANA.....	9
3. NY FAHAIZA-MITARIKA SY MPITARIKA MAHOMBY.....	13
4. NY ASA FANENTANANA.....	16
5. NY ATAO HOE DRAFIR'ASA.....	22
6. NY FIFANDRAISAN'NY FAHASALAMANA - MPONINA-TONTOLO IAINANA (FMT)	26
7. NY ATAO HOE FAHASALAMANA ARA-PANAHANA.....	34
8. NY TONTOLO IAINANA.....	39
9. NY ASA FIAROVANA SY NY FIHAZANA MAHARITRA	42

FIZARANA FAHAROA : 46

1. NY ANTON'NY TETIK'ASA FAMPIANARANA TANORA.....	47
2. NY FITSPIKA MIFEHY NY YG	48
3. NY TONTOLO IAINANA.....	49
4. NY FIFANDRAISANA MISY EO AMIN'NY FAHASALAMANA- TONTOLO IAINANA- MPONINA ..	50
5. NY FOMBA FANAOVANA DRAFIR'ASA	52
6. NY FOMBA FANAOVANA FANENTANANA.....	53
7. NY FIOVANA ARA-BATANA EO AMIN'NY ZATOVO	54
8. NY FANDRINDRAM-PITERAHANA	60
9. NY ASA FIAROVANA.....	64
10. NY VOKA-DRATSIN'NY ARETINA AZO AMIN'NY FIRAISANA ARA-NOFO	65
11. NY MARINA MOMBA NY VIH-SIDA SY NY FITILIANA	68
12. NY FIHAZANA MAHARITRA	70
13. NY FAHASALAMANA EO AMIN'NY RENY SY NY ZAZA	72
14. NY VATOHARA SY NY ALA HONKO	74
15. NY FANDRAISAN'ANDRAIKITRY TANORA YG AMIN'NY MAHA MPITARIKA	76

FANAFOHEZAN-TENY

AC : Agent Communautaire na Mpanentana ara-pahasalamana.

CCDS : Comité Communal pour le Développement de la Santé

CSB : Centre de Santé de Base

CPON : Consultation Post Natale

CPN : Consultation Pré-Natale

DAV : Dinika Amin'ny Vondron'olona

FFP : Fomba Fandrindrana ny Fianampianakaviana

FMT : Fahasalamana – Mponina- Tontolo iainana

IST : Infection Sexuellement Transmissible (Aretina Azo avy amin'ny Firaosana ara-nofo)

SIDA : Syndrome Immunodéficience Acquise

SILC: Saving and internal lending community

SPE : Sante- Population- Environnement

TM : Tanora Mpitarika

PE: Pair Educateur (Mpanabe olon-tsahala)

PHE: Population - Health - Environment

VAD: Vanginvangy Araha-Dinika

VIH : Virus Immunodéficience Humaine

YG : Youth Groups

TENY FAMPIDIRANA

NY ANTONY NANANGANANA YOUTH GROUPS (YG):

Madagasikara dia firenena tena miavaka ary ahitana toerana mahafinaritra izay mendrika ny harovana ny ankamaroany. Anisan'izany ireo faritra amoron-dranomasina izay ahitana harena tsy manam-paharoa toy ny biby sy zava-maniry an-dranomasina ary koa ireo ala an-tanety maro be izay natao hiantoka ny fiveloman'ny olona.

Ny ankamaroan'ny olona mivelona sy mipetraka amin'ny toerana amorontsiraka koa anefa dia saika olona mpifindrafandra toerana ary tsy tena nandalo lakilasy ela hany ka ny velon-tenany dia tena miankina tanteraka amin'ny fihazana sy fambolena.

Araka ny antontan'isa voaray dia saika ny antsasaky ny mponina amin'ireo faritra ireo dia tanora avokoa izay manodidina ny 15 ka hatramin'ny 30 taona.

Maro be anefa ny olana mianjady amin'ireo tanora toy:

- ✓ Ny tsy fahampian'ny fahalalana momba ny fahasalamana ara-pananahana,
- ✓ Ny tsy fahalalana ny asan'ireo vatohara sy ny zava-maniry anaty ranomasina,
- ✓ ny tsy fahampian'ny asa fivelomana ka miteraka fanaovana asa manimba an-dranomasina sy an-tanety.

Vokatr'izany rehetra izany no nahatonga ny ONG Blue Ventures vonona hanohana sy hanampy ireo Fikamabanana sy vondron'olona ifotony mba hahay hitantana ireo harena ireo sy hiaro azy tsy ho simba sy tsy ho lany tamingana. Tsapa anefa fa ny tanora no hoavin'ny ampitso ary handimby ireo zoky sy ray aman-dreny momba ny fitantanana ireo asa fiarovana ireo.

Manolona izany dingana lehibe izany no antony nananganana ny programa fampianarana ny tanora isan-tanana ka nampitondrana ny anaran'ny hoe « YOUTH GROUPS » izay midika hoe fampivondronana ireo tanora tsara sitrapo mba hitambatra ho iray ka handray fampianarana indray mandeha isam-bolana momba ny fahasalamana sy ny tontolo iainana mba banana olom-pirenena vanona mazoto handray andraikitra ny fiarovana ny harenany.

NY TANJONA KENDRENA:

Ny tanjona kendrena ao amin'ny Youth Groups (YG) dia ny hampiakatra ny fampiasana sy ny fanatsarana ireo tolotra ara-pahasalamana ary mba hampiova ny toetra sy ny fitondran-tenan'ireo tanora indrindra mba handray andraikitra amin'ny asa fitantanana ny faritra arovana amin'ny lafiny tontolo iainana.

Ny YG dia miezaka mba hanamafy ny rafi-pahasalamana sy ny fahaiza-manaon' ny tanora amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ahatongavana amin'ny fanatsarana hatrany ny fahasalamana ny tanora sy ny fahaiza-mitantana ny tontolo iainana.

Raha ny momba ny **fahasalamana ara-pananahana** eo amin'ny tanora dia ireto avy ny tanjona amin'izany:

- Fampihenana ny isan'ny tanora tsy ampy taona miditra amin'ny sehatry ny firaiana ara-nofo voalohany.
- Fampihenana ny isan'ny tanora tratran'ny vohoka tsy nirina sy ny vohoka aloha loatra.
- Fampihenana ny isan'ny tanora voan'ny aretina azo azo avy amin'ny firaiana tsy voaaro sy ny VIH ary ny vokatr'izany.

- Fampitomboana ny isan'ny tanora hanantona avy hatrany ny toeram-pitsaboana na Hopitaly rehefa manana olana ara-pahasalamana.
- fampirisihina ny tanora hanatona tobi-pahasalamana hanao fitiliana.
- fampirisihina ny tanora hitaona ireo namany mitovy aminy hahay hifehy tena mikasika ny firaiasana ara-nofo

Raha momba ny **rontolo iainana** indray dia ireto ny santonany hotratrarina amin'izany:

- Fampihenana ny isan'ny tanora mampiasa ny ala honko amin'ny fomba tsy ara-dalàna
- Fampitomboana ny isan'ny tanora handray anjara amin'ny fanaovana reserva tsy maharitra
- Fampihenana ny isan'ny tanora mampiasa fitaovana manimba na asa manimba momba ny fanjonoana
- Fampitomboana ny isan'ny tanora miditra amin'ny asa fambolena lomotse sy fihariana zanga
- Fampitomboana ny isan'ny tanora mba handray andraikitra anaty fikambanana toy ny komity, na KMD na sehatra hafa afahana manohana ny asa fitantanana.

FOMBA FANANGANANA YG :

Ireto avy ny dingana arahina rehefa hametraka YG isan-tanàna:

- Mampandre mialoha ny Sefo Fokontany na Sefo de Village fa hisy fivoriana izay atao ho an'ny fokonolona indrindra fa ny tanora.
- Omena taratasy fanasana ihany koa ny olom-be toy ny Komity- Lehibe ara-pivavahana- Ny Talen-tsekoly sy ny mpampianatra, Chef CSB, mpiara-miasa sns...
- Mahazo fanamafisana avy amin'ny sefo fokontany ny fotoana mety amin'ny olona rehetra ary miezaka manaja fotoana ny tekinisianina izay hampivory.
- Alohan'ny fivoriana:
 - Mitsidika ny sefo Fokontany ary milaza ny anton-dia sy ny lamina mandritra ny fivoriana
 - Mampiantso fokonolona ny sefo Fokontany na izay tendreny
 - Manomana ny fitaovana izay mety ampiasaina (emballage ...)
- Mandritra ny fivoriana:
 - Fiarahabana sy fisaorana ataon'ny Prezida Fokontany
 - Fanazavana ny antony fivoriana ny Komity na olom-be iray Lehilahy ary iray Vehivavy
 - Fanazavana ireo lesona sy voka-tsoa azo amin'izany.
 - Fanomezana fitenenana ny mpanatrika
 - Fanamboarana firaketna an-tsoratra ny fivoriana
 - Fakana ny lisitr'ireo tanora mazoto hianatra
 - Fanomezana fotoana mba hanohizana ny fianarana
 - Fisaorana sy fankasitrahaha

IREO FEPETRA MOMBA NY TANORA MPITARIKA:

Ny fomba fiasa izay apetraka dia ny fananana ireo tanora mpitarika na TM isan-tanàna mba hampiroboroana ny fahasalamana ara-pananahana sy ny fampianarana momba ny asa fiarovana andranomasina sy an-tanety mifantentana mifanaraka amin'ireo hetahetan'ireo tanora izay heverina fa sokajin'olona marefo tena mila ampiana.

Mba ho fanantanterahana ny asa dia misafidy tanora 2 ka ny tanora anaty YG no manolotra azy. Ka ireto ny fepetra arahina:

- Mpikambana modely sy mavitrika anaty fikambanana manao ny asa fiarovana.
- Lahy na Vavy. (Anelanelan'ny 16 taona – 35 taona)
- Mandray anjara amin'ny asa fiarovana ny tontolo iainana.
- Hajain'ny tanora sy olona to-teny rehefa miresaka.
- Modely eo amin'ny fiaraha-monina.
- Mahay manetsiketsika tanora.
- Mahay mamaky teny sy manoratra
- Miasa an-tsitrano na tsy misy karama na tambiny.
- Voafidy tamin'ny latsa-bato miafina na fananganan-tànana ka nahazo ny maro an'isa ary manaiky hiasa sy hampandroso ny YG misy azy.

Omena fiofanana mitohy momba ny fahasalamana ara-panahanhana, tontolo iainana, fanaovana drafitr'asa ary fahaiza-mitarika izy ireo mba ahafahany mitarika fanentanana sy fampianarana eo amin'ireo samy tanora.

FIZARANA VOALOHANY:

LESONA HO AN'NY TANORA MPITARIKA

IREO LOHAHEVITRA:

- NY ANDRAIKITRY NY MPITARIKA
- NY FOMBA FITARIHANA FIVORIANA
- NY FAHAIZA-MITARIKA SY MPITARIKA MAHOMBY
- NY FOMBA FANAOVANA FANENTANANA
- NY FOMBA FANAOVANA DRAFITR'ASA
- NY FIFANDRAISANA EO AMIN'NY FAHASALAMANA SY NY MPONINA ARY NY TONTOLO IAINANA
- NY TONTOLO IAINANA
- NY FAHASALAMANA ARA-PANAHANA

ZAVA-MISY ANKAPOBENY

FANAZAVANA

Tena mbola fady sy mahamenatra ny miresaka momba ny fananahana eny anivon'ny faritra ambanivohitra ka izay ny mahatonga ny tanora maro no tsy tena mahalala tsara momba ny fahasalamana ara-pananahana.

Ny tanora anefa no tena manana olana eo amin'ny fahasalamana indrindra eo amin'ny ara-pananahana toy ny IST, VIH/Sida, ny vohoka tsy niriana, ny vohoka aloha loatra, ny fanalana zaza...

Maro be ny tanora no te hahalala marina ny tokony atao manoloana ireo olana sedraina ireo indrindra fa ny fahalaviran'ny tanàna ipetrahana sy ny tobim-pahasalamana; Eo ihany koa ny fahantrana izay misy ka manjary manao ny tsy fanao ny vehivavy tanora.

Zava-misy ao amin'ny tanàna Andavadoaka: Noho ny tsy fahampian'ny fialam-boly firy ho an'ny tanora dia lasa mivarina mankany amin'ny famonjena alim-pandihizana ny ankamaroan'ny tanora lahy sy ny vavy, manodidina ny 13 taona ny faran'ny ambany ary maro amin'izy ireny no efa lasa aloha loatra amin'ny firaisansara ara-nofo; maro be koa anefa ny olona no tsy tia loatra mampiasa kapaoty na fimailo mba hiarovan-tena amin'ny firaisansara ara-nofo ary misy aza ny sasany miovaova olona iarohana. Saika tranga fahita koa ny tsy fanajana ny asa fiarovana toy ny laro, tarikaky, fanapahana hazo tsy ara-dalàna ary ny maro hafa.

Noho, izany zava-miseho izany dia noraisaina ny andraikitra ho an'ireo tanora ireo ka napetraka ny fampianarana mitohy anaty ny vondrona tanora izay antsoina hoe “Youth Groups”.

Ity boky fampiofanana ity dia natao hanomezana fahalalana feno ny TM mikasika ny fahaiza-mitarika, ny fifandraisana, ny fandresen-dahatra ary indrindra ny atao hoe fahasalamana ara-pananahana sy ny asa fiarovana.

Ny fomba fampitàna ny fiofanana dia teknika fampianarana olon-dehibe (andragogie) ary manaraka ny “session experientiel”.

IREO MPAMPIASA NY BOKY.

Ity boky ity dia natokana ho an'ireo Tanora Mpitarika na Jeunes Leaders mba hahay hitarika fampianarana ireo tanora anaty ny YG manomboka 13 taona ka hatramin'ny 35 taona.

TANJONA ANKAPOBENY

Mba ho fanatsarana ny fahasalamana'ny tanora tsy ankanavaka sy hampisy fiovam-pihetsika ara-pitontran-tena eo amin'ny samy tanora ka handray andraikitra mba hiaro ny tenany sy ny an'ny hafa koa.

TANJONA TRATRARINA AMIN'IREO TANORA MPITARIKA

Aorian' ny fiofanana, ireo Tanora mpitarika tsirairay dia afaka:

1. Mahafehy ny fomba fiosa “Tanora Mpanabe Olon-tsahala”
2. Mahafehy ny fahasalamana ara-pananahan'ny Tanora.
3. Mampihatra ny fifandraisana mahomby.
4. Mahay mamolavola drafitr'asa.
5. Mahafehy ireo fitaovam-pitantanana ahafahana manao tatitra.

IREO LESONA NATOKANA HO AN'NY TANORA MPITARIKA

1. NY ANDRAIKITRY NY MPITARIKA

FAMPIDIRANA :

- Tena ahitana fahombiazana ny fampianarana ny tanora raha tanora mitovy aminy ihany no asaina mampianatra azy.
- Afaka mifampihaino sy mifandresy lahatra izy ireo ary mifananatra ka azo atao tsara ny manaraka izany rehefa mitarika fampianarana amin'ny YG ny Coordinateur

TANJONA TRATRARINA:

Ny tanora tsirairay dia ho afaka:

- Mitanisa ireo fivoarana ara-batana izay voajanahary eo amin'ny tanora
- Manazava ny asan'ny Tanora Mpitarika.

FAHARETANY : 60 minitra

FITAOVANA ILAINA :

- Emballages
- Markers + Taratasy fotsy + Stylo
- Masking tape

TOERANA: ANATY LAKILASY NA AMBANY HAZO RAHA TSY MISY OLONA MIVEZIVEZY.

FIPETRAKA: Tsara raha atao Faribolana ny fomba ipetrahana mba samy mifankahita.

FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA MANOKANA	FANAZAVANA	FAHARE TANY	FOMBA FAMPITANA AZY
1. Ny tanora YG tsirairay dia ho afaka mitanisa ireo fivoarana ara- boajanahary eo amin'ny maha zatovo	<p>IREO DINGANA ARA-BOAJANAHARY MITRANGA AMIN'NY MAHA-ZATOVO:</p> <p>1-MIANATRA NY HO MATOTRA:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Mijery ny anio ihany aloha fa tsy ny hoavy. • Tsy tena mbola mahafehy fihetseham-po firy. • Tsy tena tia mikarokaroka ela be. <p>2- TSIRY MPANENTANA</p> <ul style="list-style-type: none"> - Mavitrika ara-batana- mazoto homana be. - Miovaova hevitra na fihetsika na fientanam-po - Malaina na mazoto be hanao zavatra <p>3- MIANATRA NY HAHALEO TENA:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Tia manohitra hevitra • Tia mikaroka zava-baovao • Tsy tia mitady fanampiana • Tia mitokatokana <p>4- MORA TAOMIN'NY HAFA:</p> <ol style="list-style-type: none"> 1) Mamalivaly RAD rehefa omena fanitsiana 2) Miovaova fitafy, fanao, fiteny, fihetsika <p>5- IREO FIOVANA ARA-BOAJANAHARY:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Lasa mifantoka be amin'ny vatany • Mandany fotona mijery ny endrika sy bika • Mora tezitra sy misafoaka <ul style="list-style-type: none"> ○ Finiavana banana ny hevity ny tena manokana ○ Finiavana hitovy amin'ireo namana. ○ Fiovaovana olon-tiana. ○ Finiavana hahavita zavatra miavaka ○ Mora entim-po ○ Manaiky kokoa ny tenin'ny namany noho ny ray aman-dreny ○ Tia maka tahaka zava-baovao hatrany 	<p>5 minitra</p> <p>5 minitra</p> <p>10 minitra</p> <p>5 minitra</p>	<p><i>Fanentanana :</i> mangataka tanora telo mba hitantara ny zavatra nahafinaritra na vaovao.</p> <p>Vakiana ny Tanjona</p> <p><u>ASA 1:</u></p> <p><i>Dingana a :</i> Manendry olona telo mba hanazava ny fiovana ara-batana hitany amin'ny maha tanora azy Ny voalahany momba ny fiovana ara-batana Ny faharoa momba ny fiovan- toetra Ny fahatelo momba olana miseho amin'ny resaka fitondran-tena.</p> <p>Omena dimy (05) minitra izy ireo hiomanany.</p> <p><i>Dingana b:</i> Asaina ny Mpandray anjara tsirairay hiroso ety aloha haneho ny asa nomaniny.</p> <p><i>Dingana d:</i> Asaina hiteny tsirairay ny mpandray anjara.</p> <p><i>Dingana e:</i> Anontaniana ny mpanatrika momba ny fahitany ireo fitantatarana telo.</p> <p><i>Dingana f:</i> Asiana emballage iray eny aloha ka anontanio izay ilain'ny tanora momba ny fahasalamana</p> <p><i>Dingana g:</i> Asaina ny mpanatrika mba hamaky izay voasoratra anaty emballage.</p> <p><i>Dingana h:</i> Averina vakiana ny hevitra sisa tavela ary aseho ny tahiri-kevitra. Ankasitrahana ny fandraisana anjaran'ny tsirairay. Fintino amin'ireto:</p> <ol style="list-style-type: none"> 1. Ara-batana 2. Ara-tsaina 3. Ara-pihetseham-po

2. Ho afaka hitanisa ny andraikiry ny TM ny tanora.	<p>1- FA NAHOANA NO TANORA NO HANABE TANORA?</p> <ul style="list-style-type: none"> • Voajanahary eo amin'ny samy tanora ny fahaizana mifampihaino sy mifampizara ny olana mahazo azy, ny resaka firaisansa ara-nofo. • Mora malahelo amin'izay manjo ny namany ny tanora. • To teny indrindra amin'ny tanora, ny tanora toa azy • Fitaratra amin'ny tanora, ny tanora toa azy • Mahasarotiny ny tanora ny mombamomba azy <p>2- ANJARA ASAN'NY TANORA MPITARIKA</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Mamory ny tanora anaty YG amin'ny toerana misy azy ▪ Mitarika ny fanaovana drafitr'asa ▪ Mitarika sy mandresy lahatra ny tanora hanana fitondra-tena mendrika ▪ Mitarika ny tanora hanao asa na fialam-boly ankoatra ny fotoana ianarana. ▪ Mifanampy amin'ny Mpanentana ara-pahasalamana sy ireo mpanentanana SILC (Mizara vaovao) ▪ <i>Mampahafantatra ireo tanora rehetra tsy an-kanavaka ny momba ny fahasalamana sy fanabeazana ara-pananahana</i> ▪ <i>Manentana ny tanora hanana fitondran-tena mendrika</i> ▪ <i>Mandresy lahatra ireo olona afaka hanohana ara-pahasalamana ireo tanora araka ny filâna misy</i> ▪ <i>Mandefa ireo tanora any amin'ny mpanentana ara-pahasalamana na any amin'ny toby misy izay ilainy na any amin'ny olona afaka manampy azy</i> ▪ <i>Mampirisika ny tanora hiditra anaty fikambanana miaro sy mitantana ny tontolo iainana.</i> ▪ <i>Mampianatra ny tanora momba ny DINA efa misy eny antoerana</i> 	<p>15 minitra</p> <p>5 minitra</p> <p>5 minitra</p> <p>10 minitra</p> <p>5 minitra</p>	<p>ASA 2 : SEHO SEHATRA (JEU DE ROLE)</p> <p>Dingana a: Mangataka olona roa izay efa nampiomana mialoha hilalao an-tsehatra ka manao fanentanana ilay namany ny tanora iray.</p> <p>Dingana b: Anontaniana azy ireo avy eo raha nangovitra ... rehefa nanao ilay fampisehoana.</p> <p>Dingana d: Entaninana ny mpanatrika ambiny haneho ny fahitany ny seho.</p> <p>Dingana e: Manao fandravonana ny Mpitarika ary asongadina ireo toetra mampiavaka ny fanentanana eo amin'ny samy tanora, ka atao an-tsoratra amin'ny emballage izany</p> <p>Dingana g: Manasa olona iray hamaky mafy izay voasoratra.</p> <p>ASA 3 : FAMELABELARANA ARAHINA ADY HEVITRA</p> <p>Averina vakiana ny tanjona.</p> <p>Dingana a : Anontanian'ny TM ny tanora momba ny asa tokony ataony.</p> <p>Dingana b : Mampiseho Flip efa voaomana izy mampiseho ny lisitry ny asa hataony.</p> <p>Dingana d : Anontaniana ny olona raha mahafa-po azy ireo ny asa izay ataon'ny TM</p> <p>Dingana e : Asaina mamoaka hevitra ny tanora momba ny resaka asa fiarovana izay ataon'ny fikambanana.</p> <p>Dingana f: Manazava ireo programma fampianaranana momba ny Dina.</p>
---	---	--	---

2. NY FOMBA FITARIHANA **FIVORIANA**

FAMPIDIRANA:

- Mila fiomanana ny fitondrana fivoriana mba hampahomby azy tsara.
- Ny TM dia hitarika fivoriana matetika, noho izany ilaina ny hananany fahalalana ampy tsara mba ahafahany mitarika sy mandresy lahatra.

TANJONA TRATRARINA:

Ny tanora TM tsirairay dia ho afaka:

- hahay hitarika fivoriana ireny na dia tsy eo aza ny Pair Educateur.
- Hanana fahalalana tsara momba ny tekinika fampitana fampianarana amin'ny tanora.

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA:


- Emballages
- Markers + Taratasy fotsy + Stylo
- Masking tape

TOERANA: ANATY LAKILASY NA AMBANY HAZO RAHA TSY MISY OLONA MIVEZIVEZY.

FIPETRAKA: Tsara raha atao Faribolana na mahitsizoro ny fomba ipetrahana mba samy mifankahita.

NY FIRAFITRY NY FIPETRAHAN'NY MPIVORY

Mba isian'ny fifandraisana, fifankahitana, fifankatiavana dia atao mifankahita daholo ny mpivory ka atao Boribory na atao endrika U ny fipetra sahala amin'ny sary izay hitantsika eto ambany.



Endrika U

Mifanatrika ny mpivory rehetra

NY FANOMANANA FIVORIANA:

Ilàna fanomanana ny fivoriana mahomby.

- **Farito ny lahadinika (Ordre du jour)**
 - Soraty ny tanjona
 - Tadiavo ny lohateny: ahitana taratratra ny lohahevitra
 - Fidio mialoha izay ho mpandray anjara
 - Farito ny fizotry ny fivoriana sy ny fomba fiasa.
- **Ampandreneso mialoha ny mpivory**
 - Fomba fiantsoana: taratasy / peta-drindrina – telefaonina – am-bava
 - Antony: Ho fahampafantarana sy ho fampirisihana azy ireo ho tonga.
- **Omany ny toerana fivoriana, ny lafiny ara-pitaovana (emballages-markers sns...)**

NY FITARIHANA NY FIVORIANA

1. NY FIARAHABANA

- ✓ Fifankahafantarana: (amin'ny alalan'ny lalao na ankahamantara)
 - Hahitana ny lisitry ny mpikambana tonga manatrika,
 - Ny tsy afaka izay nandefa fialan- tsiny,
 - Ny tsy tonga izay tsy nandefa fialan-tsiny
- ✓ Fanentanana mba hampandrisika ny mpivory ary fampandraisana anjara hatrany

2. NY FIZOTRAN'NY FIVORIANA

Apetraka ny fitsipika hifanarahan'ny mpikambana. Ireto misy santoniany amin'ny

FISIPIKA FOTOTRA VITSIVITSY:

- ✓ Hajao ny ora ary atombohy araka ny ora nifanarahana ny fivoriana. Tokony hiezaka ho mari-potoana ireo izay tara.
- ✓ Tokony hamono finday ny mpandray anjara.
 - Amporisiho ny fandraisan'ny rehetra anjara mavitrika, satria ny fampiasan'ny rehetra saina no hahazoana vokatra.
 - Asongadino ny maha ratsy ny fanapahana fitenenana.
 - Tokony hazava sady fohy ny fandraisana fitenenana, ary tsy tokony hamerimberina ny zavatra lazaina sy ny zavatra efa nolazain'ny mpandray anjara hafa.
 - Tsy azo ekena ny resaka an-jorony (raha toa ka manan-javatra manan-danja holazaina ianao, dia maniry hihaino izany ny rehetra. Raha toa ka tsy manan-danja izany, dia tazony ho anao irery hatramin'ny fifaranan'ny fivoriana).
 - Mananga-tanana alohan'ny handray fitenenana.

NY FIRAFITRY NY FIVORIANA :

1. Fanokafana ny Fivoriana:

- Ny famerenena fohy ny lohahevitra farany
- Fampifandraisana ny lohahevitra farany sy ny lohahevitra hodinihana
- Mangataka mpikambana iray handray an-tsoratra
- Tanjon'ny lohahevitra hodinihana

2. Mandritry ny fivoriana

- Manao izay hanarahan'ny mpandray anjara ny lohahevitra hodinihana mandritry ny fivoriana.
- Manao izay hanajana ny fitsipika fototra.
- Mamporisika ny fandraisan'ny rehetra anjara.
- Manao izay tsy hibodoan'ny sasany fitenenana sy mametra ny fotoana andraisana fitenenana.
- Manao izay hanajana ny fotoana atokana handinihana ny lohahevitra tsirairay
- Manao izay hamoahana fehin-kevitra manaraka ny fanapanah-kevitra rehetra: tokony hazava ny fomba hampiharana ny fanapanah-kevitra, ny tompon'andraikitra amin'izany, ny fitaovana sy ny akora ilaina sns... Tokony ho voarakitra ao amin'ny fitanana an-tsoratra izany.
- Manao izay hamoahana fehin-kevitra manaraka ny fanapanah-kevitra rehetra : tokony hazava ny fomba hampiharana ny fanapanah-kevitra, ny tompon'andraikitra amin'izany, ny fitaovana sy ny akora ilaina sns... Tokony ho voarakitra ao amin'ny fitanana an-tsoratra izany.

3. Ny famaranana ny fivoriana

- *Fintino ny resaka rehetra*


1- Atao inona?	<ul style="list-style-type: none"> ▪ Fisaorana ny tsirairay nandray anjara ▪ Mba ahafantaran'ny tsirairay ny resaka vita sy izay mbola tsy vita nandritra ny fivoriana ▪ Mba hanamarihana fa hevitra iraisana no nivoaka tao @ fivoriana
▪ @ fomba ahoana?	Fohy – tsotra – milamina – tsy miandany na amin'iza na ami'iza

- *Manaovala jery todika*

2- Atao inona?	Ahazoana mamakafaka ny fahafahampo na tsia an'ny mpandray anjara tsirairay
▪ @ fomba ahoana?	Ady hevitra fohy – fanadihadiana an-tsoratra.

- *Mandraisa an-tsoratra*

3- Atao inona?	Mba ho firaketana ny fizotry ny fivoriana sy ny hevitra tapaka rehetra
@ fomba ahoana?	Tatitra an-tsoratra alefa any amin'ny mpandray anjara rehetra sy izay mety mila izany



VOKATRA ANDRASANA

- **MAHAY MITARIKA FIVORIANA NY TM**
- **AFAKA MANAMPY NY TM REHEFA MISY FIVORIANA ANTANANA MOMBA NY ASA FIAROVANA NA HAFA.**

3. NY FAHAIZA-MITARIKA SY MPITARIKA MAHOMBY

FAMPIDIRANA

Mba ahafahana miantoka ny fanatanterahana antsakany sy andavany ny asa eny anivon'ny fiaraha-monina, ny Tanora Mpitarika dia tokony ho hita taratra fa tena Mpitarika afaka mamantatra sy mamaly ny filàn'ny mpiara-monina.
Raha tiana handroso ny rehetra dia mila Mpitarika mahomby sy fakan-tahaka Ireo Tanora Mpitarika dia afaka ho tonga tena mpitarika mahomby raha omena fiofanana sy fanampiana matetika.

TANJONA TRATRARINA

Amin'ny faran'ity lesona ity ary, ny mpandray anjara dia ho afaka:

- Manazava ny antsoina hoe mpitarika mahomby.
- Mamantatra ireo toetra tokony hananan'ny TM mba hahatonga azy ireo ho mpitarika mahomby ao anaty fikambanana

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages
- Markers
- Flip Shart
- Masking tape

TOERANA: ANATY LAKILASY NA AMBANY HAZO RAHA TSY MISY OLONA MIVEZIVEZY.

FIPETRAKA : Manao forme U na O.


FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA MANOKANA	FANAZAVANA	FAHARETANY	FOMBA FAMPITANA AZY
<p>Aorian'ity lesona ity, ny mpandray anjara dia ho afaka:</p> <p>1. Mamaritra ny atao hoe mpitarika mahomby sy ny fahaiza-mitarika eo anivon'ny fikambanan'ny Tanora</p> <p>2. Mahafantatra ny toetra tokony hananan'ny Tanora mpitarika fikambanana mba ho mpitarika mahomby</p>	<p>FAMARITANA</p> <ol style="list-style-type: none"> Ireo olona antsoina hoe MPITARIKA MAHOMBY dia manana ireto fahaiza-manao telo ireto: <ul style="list-style-type: none"> Mahay manetsiketsika, mampahery ary mitaona ny hafa hanaraka azy. Manome toky fa mahavita ny asa hatao. Mahay mikaroka hevi-baovao mba hanatratarana ny tanjona na dia eo aza ny sakana mety hiseo. Ny ATAO HOE FAHAIZA - MITARIKA dia “fomba fitiarhana ireo tanora anaty fikambanana mba hahatrarana ny tanjona nokendrena, fahaizana manetsiketsika sy manentana azy ireo mba hiova ho amin’ny tsara sy mendrika alain-tahakaka, <i>ho</i> “tanora modely amin’ny fitondran-tena ara-pahasalamana eny anivon’ny fiaraha-monina sy ny fiarovana ny tontolo iainana”. <p>Dingana arahina mba ho MPITARIKA MAHOMBY:</p> <p>1- Mahay MANETSIKA/MAMPAHERY sy MITAONA ny hafa</p> <ul style="list-style-type: none"> ✓ Mihaino ny hafa ✓ Mahay mifandray amin’ny rehetra ✓ Mipetraka amin’ny toeran’ny mpikambana ✓ Manome lanja ny tsirairay ✓ Mankalaza ny fahombiazan’ny hafa ✓ Mampatsiahya fa misy asa iombonana miandry ✓ Modely azo alaina tahaka (fahaizana, fahavononana, fahafahana manao zavatra <p>2- MANOME FAHATOKISANA ho amin’ny FANOVARA ary mahita hevi-baovao hatrany</p> <ul style="list-style-type: none"> Mandany fotoana mikaroka mba hanana hevi-baovao 	<p>5 minitra</p> <p>5 minitra</p> <p>10 minitra</p> <p>15 minitra</p>	<p>Fanentanana : mangataka tanora telo mba hitantara ny zavatra nahafinaritra na vaovao.</p> <p>Asa 1: LALAO MAHAFINARITRA</p> <p>-Dingana a:</p> <ul style="list-style-type: none"> Taomina ho eo anivo ny rehetra mba hihetsiketsika. Misy olona iray kosa asaina mihataka kely tsy manatrika, ary ambara aminy fa ho antsoina ihany izy rehefa avy eo hamantatra izay mpitarika aminay. Araka izany, misafidy mpitarika iray hanao sy hanovaova fihetsika; ny mpiofana sisa kosa, manaraka izay fihetsika ataony. Ampidirina ilay olona nasaina nihataka kely hamantatra izay mpitarika. in-3 manondro ihany izy farafahabetsany Asaina mipetraka ny rehetra. Anontaniana ilay olona namantatra ny mpitarika hoe: “Nanao ahoana no niainany azy?” (Omena fotoana izy hiresaka sy hitantara ny nahafinaritra azy) Anontaniana koa izy ahoana moa no nahalalany ny mpitarika? <p>Valiny andrasana: (Hitako izy nanova fihetsehana/ Mijery any avokoa ny mpiofana/ efa toetrary amin’ny andavan’andro ny matetika mpitaritarika ny olona,) Isaorana izy ary ambara amin’ny mpiofana rehetra fa Izay indrindra no hidirantsika amin’ity lesona ity izay hijery ireo zava-dehibe 3 ahalalana ny hoe Mpitarika mahomby.</p> <p>Famakiana sy fanazavana ny tanjona</p> <p>Dingana b : Aseho ny tahirin-kevitra</p> <p>Ny 2 no hitantsika tamin’ny lalao teo: ny mpitarika dia sady mahay manetsiketsika ny hafa hanaraka ny fihetsiny; ny mpitarika koa dia mahita zava-baovao hatrany mitondra fanovana, fa ny faha 3 tsy voaresaka teo dia ny fahatrarana ny tanjona. Tahaka ny kapitenin-tsambo: leader sy ship: mila</p>

- Mamakafaka ary mandrisika ny mpikambana hamakafaka
- Manao ohatra mahomby azo tsapain-tanana

3- MAHATRATRA NY TANJONA sady mahazo vokatra tsara na dia eo aza ny sakana samihafa

- Mametraka Vina
- Mahafantatra ny aleha
- Mijery izay tokony atao sy miandry
- Mizara asa
- Manao tomban'ezaka



15 minitra

tonga any amin'izay nokendrena ny sambo.

Dingana d: Anontaniana ny mpanatrika hoe *manao ahoana no takiana mba ahatonga ny olona iray ho mpitarika mahomby*?

Dingana e: Raisina amin'ny taratasy lehibe ny valin-teny.

Dingana f: Iverenana vakiana ireo valin-teny ary iadiana hevitra ka sokajiana tahaka izao:

- Raha fihetsika/toetra mifanaraka mba hahazoana mampahery sy mitaona ny hafa. Mariho (1)
- Raha fihetsika/toetra mifanaraka mba hahitana hevi-baovao ho amin'ny fanovana. Mariho (2)
- Raha fihetsika/toetra mifanaraka mba hahazoana vokatra tsara Mariho (3)

Dingana g: Iverenana vakiana ny sokajy tsirairay. Aseho ny tahirin-kevitra, ary ampitoviana izay voarakitra eo amin'ny taratasy lehibe.

Asa2: Fampiharana: Asaina mifampitodika tsiroaroa ny mpanatrika ahoana no fampiharantsika izay voalaza?

Manao famintinana ny Mpampiofana.

Manendry Mpiofana hamerina mamaky ny tanjona.

VOKATRA ANDRASANA

- **MANANA MPITARIKA MAHOMBY NY YOUTH GROUPS.**
- **MAHAFEHY TSARA NY FAHAIZA-MITARIKA NY TANORA MPITARIKA.**

4. NY ASA FANENTANANA

FAMPIDIRANA

Ny tanjon'ny fanentanana dia ny handresy lahatra ny olona mba hanovany ny fitondran-tena, fihetsika na toetra sy ny fomba fanao tsy mety.

Mila mahafehy tsara ny hafatra atao fanentanana ireo TM mpanentana sy ireo tanora anaty YG.

TANJONA TRATRARINA

Ao aorian'ny fiofanana, ny mpandray anjara dia tokony:

- Mahafehy ny fanomanana amin'ny asa fanentanana
- Mitanisa sy mampiasa ireo fitaovalam-pantantanana sy mahafantatra ny vontoatin'ny karinem –pahasalamana
- Mahafehy ny vangivangy araha-dinika (VAD) na Dinika ifanaovan'olondroa (DIO)
- Manao dinika amin'ny vondron'olona (DAV)
- Mahafehy ny famenoana ny Kahier fanentanana.

FAHARETANY: 75 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages
- Markers + Taratasy fotsy + Stylo
- Fitsipika imprimé
- Masking tape

TOERANA: ANATY LAKILASY NA AMBANY HAZO RAHA TSY MISY OLONA MIVEZIVEZY.

FIPETRAKA: Manao endrika U na faribolana ny toeran'ny tanora.

FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA MANOKANA	LOHAHEVITRA	FAHARETANY	FOMBA FAMPITANA AZY
<p>Ny tanora dia ho afaka:</p> <p>1. Mahafehy ny vangivangy araha-dinika (VAD) na Dinika ifanaovan' olon-droa (DIO)</p>	<p>Famaritana VAD:</p> <p>Fifanakalozan - kevitra eo amin'ny olon-droa mahakasika toe-javatra manokana ny iray amin'izy ireo.</p> <p>Fanomezana torohevitra, ankalahana, ary afaka misafidy vahaolana araka ny tokony ho izy, izay hanampy handray fanapanahan-kevitra amin'ny zava-misy.</p> <p>Azo atao izany fanomezana toro-hevitra izany na eny amin'ny toeram-piasana, ny eny an-dalana, na eny am-panaovana raharaha madinika, sns...</p> <p>Ireo dingana mandritra ny VAD/DIO:</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Arabaina arahina endrika falifaly ilay olona ▪ Atomboka amin'ny resadresaka momba ny fainana andavanandro ny dinidinika ▪ Anontaniana ilay olona raha afaka ny hifampidinika izy. ▪ Ampiana ilay olona hamoaka ireo olona mahazo azy. ▪ Ampiasaina ny fitaovam-panentanana mifanaraka amin'ny loha-hevitra ifampidinihina. ▪ Ametrahana fanontaniana ilay olona mba hilazany izay fantany mikasika ny lohahevitra. ▪ Angatahana ilay Tanora mba hilaza ny hafatra izay fantany mikasika ny lohahevitra. ▪ Fantarina izay mety ho sakana amin'ny fiovam-pihetsika amam-panaony ary iarahana mitady ny vahaolana amin'izany sakana izany. ▪ Amporisihina ilay Tanora hampihatra ilay fihetsika amam-panao vaovao ary apetraka ny fotoana hihaonana manaraka. Manome fitaovana fanentanana raha misy izany. ▪ Isaorana ilay Tanora noho ny fandraisana ary manao veloma. 	<p>05 minitra</p> <p>05 minitra</p> <p>05 minitra</p> <p>05 minitra</p> <p>05 minitra</p>	<p><i>Fanentanana :</i> mangataka tanora telo mba hitantara ny zavatra nahafinaritra na vaovao. / Afaka manao fanetsiketsehana koa mba hisy ambiance na brise glace.</p> <p><u>Asa 1: Famaritana ny atao hoe Vangivangy Arahan-Dinika na Dinika Ifanaovn'Olondroa (Tera-bary).</u></p> <p>Dingana a :</p> <ul style="list-style-type: none"> <input type="checkbox"/> Mangataka ny mpandray anjara hanome famaritana ny atao hoe « V.A.D ». <input type="checkbox"/> Rahoviana no ampiasana azy. <input type="checkbox"/> Raisina amin'ny Flip izay hevitra mivoaka. <p><u>Asa 2: Ireo dingana mandritra ny VAD/DIO</u></p> <p>Dingana a:</p> <ul style="list-style-type: none"> ● Mangataka olona roa mba hanao VAD araka izay lohahevitra tiany mandritry ny 5 minitra. ● Mandritra io hetsika io ny mpanatrika dia asaina manaraka tsara ary mandray an-tsoratra ireo dingana sy ny fihetsika sy ny fitaovana ampiasain'ny Mpanentana. <p>Dingana b:</p> <p>Afaka apetraka ireto fanontaniana ireto:</p> <p>Manontany hoe firy ny mpilalao?</p> <p>Manontany hoe inona ny lohahevitra nanentanana?</p> <p>Manontany ny dingana nataon'ireo mpilalao?</p> <p>Resy lahatra ve ny Tanora nentanina?</p> <p>Manontany ny dingana tokony ho natao raha sanatria tsy natao? sy ny sisa....</p>

	<p>Fitsipika mifehy ny VAD/DIO:</p> <ul style="list-style-type: none"> -Avela hiresaka ilay Tanora ifampidininhina ka omena fotoana ampy tsara handraisany fanapaha-kevitra -Tazonina ho tsiambaratelo ny olana izay naposak'ilay olona. -Ny marina hatrany no lazaina ary atao izay hifehezana tsara ny loha-hevitra -Alefa manantona tobim-pahasalamana ilay olona raha ilaina izany. -Eo amin'ny 10 ka hatramin'ny 15 minitra ny faharetan'ny dinidinika. <p>2. Ny Dinika Amin'ny Vondron'olona (DAV)</p> <p>Famaritana:</p> <p>Endrika fampitan-kevitra izay atao amin'ny vondron'olona ny DAV ka afaka miteny malalaka ny mpandray anjara tsirairay.</p> <p>Ny DAV dia ahafahana mamaha olana, manovo hevitra vaovao ary mizara fahalalana sy traikefa.</p> <p>Ireo dingana arahina amin'ny DAV:</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Arahabaina ny tsirairay ary atao izay hahafinaritra ny rehetra eo am-piaingana ▪ Hazavaina tsara ny tanjon'ny dinidinika ▪ Amporisihina ny rehetra hametraka fanontaniana ary omena valiny avokoa ▪ Aseho tsara fa liana amin'ny loha-hevitra ny tena. ▪ Fehezina tsara ny lohahevitra hazavaina ▪ Tsy tokony ho mora tezitra mihitsy. ▪ Ampitaina amin'ny fomba mazava sy tsotra ny hafatra <ol style="list-style-type: none"> 1. Hevitra iray isaky ny miteny no ampitaina 2. Atao mifantenana amin'ny mpanatrika ny karazana voambolana ampiasaina 3. Ialana ny filazana zavatra tsy tena tokony ilaina akory. 4. Arahana ohatra mazava hatrany izay lazaina. 5. Aseho ny ifandraisan'ny hevitra ampitaina sy ny zavatra iainan'ny mpanatrika 	05 minitra	<p>Dingana d:</p> <p>Mamintina ny voalazan'ny tanora ny T.M ary mampiseho ny Dingana 10 hananterahana ny VAD.</p> <p>Hitantsika teo ny Dinika ifanaovan'olon-droa fa izao indray isika hiroso amin'ny Dinika amin'ny vondron'olona (DAV)</p> <p>Asa 3: Famaritana ny DAV(Tafatafa)</p> <p>Dingana a: Mangataka ny hevitry ny mpanatrika:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Inona ny DAV aminareo? - Inona avy ireo dingana arahina raha hananteraka DAV? <p>Raisina an-tsoratra ny valin-teny.</p> <p>Dingana b: Manao famintinana ny TM dia mamaky ny famaritana ny « DAV ».</p> <p>Asa 4 : Ireo dingana mandritra ny DAV (Jeu de role)</p> <p>Dingana a: Manomana ny mpilalao mikasika ny DAV ny TM:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Mitady ny mpilalao hananteraka ny DAV. - Manomana ny mpilalao hananteraka tsara ny dingan'ny DAV na hampiasa taratasy voasoratra mialoha aza. - Manomana ny lohahevitra ho resahina <p>Dingana b: omena ny Toro-marika:</p> <p>Mandritra io jeu de role io ny mpiofana ambiny dia asaina mipetraka eo amin'ny toeran'ny Tanora entanina, manaraka tsara ary mandray an-tsoratra ireo dingana.</p> <p>Dingana d : Fanantanterahana ny jeu de role</p> <p>Dingana e Anontaniana ny niainan'ilay olona nanentana ny fanentanana? Mitodika amin'ny mpiofana hafa: manontany ny dingana nataon'ny Mpanentana? Resy lahatra ve ny Tanora nentanina? Inona ny dingana tokony ho natao raha sanatria tsy natao? sy ny sisa</p> <p>Dingana f: Mamintina ny voalazan'ny tanora ary mampiseho ny dingana hananterahana ny DAV</p> <p>Asa 5 : Fampiharana (Triade)</p> <p>Dingana a: <u>Zarain'ny</u> mpampiofana telo isam-bondrona ny mpiofana.</p> <p>Dingana b : Omena tsara ny toro-marika : mifandimby mifantenana</p>
--	--	------------	---

<p>2. Manao dinika amin'ny vondron'olona (DAV)</p>	<p>Fitsipika mifehy ny DAV</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Hevi-dehibe 2 na 3 ihany no aseho isaky ny dinidinika ▪ Atao mahafinaritra ny tontolo anaovana ny dinidinika ▪ Tsy hihoatra ny 20 ny isan'ny mpandray anjara. ▪ Atao tsara araka izay azo atao ny fomba fiteny: feo mazava sy mafy, Tsotra. <p>Famenoana ny Kahie fanentanana ampiasain'ny TM:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Zaraina kahie iray ny TM • Asiana tabilao modely momba ny famenoana azy • Tsy maintsy fenoin'ny TM isaky avy manentana • Angonin'ny PE miaraka amin'ny kahie Kapoty izany • Asio fanamarinana rehefa azo. • Manome sos-kevitra fanatsarana ny PE isaky ny avy maka ny antontan-kevitra anaty kahie. 	<p>10 minitra</p> <p>10 minitra</p> <p>10 minitra</p>	<p>ny mpiofana ka 1 Manao TM 2 Entanina 3 Mpanara-maso Arakaraka ny lohahevitra tadiavin'ny entanina no hanaovana ny fanentanana Mandritra ny 10 mn ny fanentanana Mampiasa ny fitaovana fanaraha-maso ny mpanara-maso ary mameno ny fitaovana. Rehefa vita ny fanentanana dia milaza ny mety sy manome ny tsikera ary manolotra ny fanatsarana tokony ho natao.</p> <p>Dingana d: Manantanteraka ny fanentanana ny tsirairay ka mifandimby amin'ireo andraikitra telo ireo. Rehefa hitantsika teo ny fanaovana fanentanana, andao ho fenoina ny Kahie fanentanana</p> <p>Asa 6: Famenoana Kahie Fanentanana (Fanontaniana araham-baliny)</p> <p>Dingana a: Zaraina amin'ny TM ny Kahie Fanentanana</p> <p>Dingana b: Omena minitra vitsy ny Mpiofana handinihany ny kahie. Mangataka Olona iray hanazava ny anaty kahie.</p> <p>Asa 7: Fampiharana</p> <p>Dingana a: Asain'ny PE miaraka roa na telo mifanakaiky toerana ny mpiofana.</p> <p>Dingana b: Vakian'ny PE ny fampiharana amin'ny famenoana ny Kahie</p> <p>Dingana d: Asain'ny mpampiofana mameno ny Kahie fanentanana ny Olona 2 na 3 mifanakaiky.</p> <p>Famintinana ny lohahevitra fanentanana.Famakiana sy ny fijerena ny fahatrarana ny tanjona</p>

FANAZAVANA

1. NY VANGIVANGY ARAHI-DINIKA NA VAD

Famaritana VAD :

Fifanakalozan-kevitra eo amin'ny olon-droa mahakasika toe-javatra manokana ny iray amin'izy ireo. Fanomezana torohevitra, ankalahana, ary afaka misafidy vahaolana araka ny tokony ho izy, izay hanampy handray fanapahan-kevitra amin'ny zava-misy.

Azo atao izany fanomezana toro-hevitra izany na eny amin'ny toeram-piasana, ny eny an-dalana, na eny am-panaovana raharaha madinika, sns...

Ireo dingana mandritra ny VAD/DIO:

- Miarahaba ilay olona am-pifaliana
- Atomboka amin'ny resadresaka momba ny fiainana andavanandro ny dinidinika
- Anontaniana ilay olona raha afaka ny hifampidinika izy.
- Ampiana ilay olona hamoaka ireo olana mahazo azy.
- Ampiasaina ny fitaovam-panentanana mifanaraka amin'ny loha-hevitra ifampidinhina.
- Ametrahana fanontaniana ilay olona mba hilazany izay fantany mikasika ny loha-hevitra.
- Angatahana ilay tanora mba hilaza ny hafatra izay fantany mikasika ny loha-hevitra.
- Fantarina izay mety ho sakana amin'ny fiovam-pihetsika amam-panaony ary iarohana mitady ny vahaolana amin'izany sakana izany.
- Amporisihina ilay tanora hampihatra ilay fihetsika amam-panao vaovao ary apetraka ny fotoana hihaonana manaraka. Manome fitaovana fanentanana raha misy izany.
- Isaorana ilay tanora noho ny fandraisana ary manao veloma.

Fitsipika mifehy ny VAD

- Avela hiresaka ilay olona ifampidinhina ka omena fotoana ampy tsara handraisany fanapaha-kevitra
- Tazonina ho tsiambaratelo ny olana izay mahazo ilay olona.
- Ny marina hatrany no lazaina ary atao izay hifehezana tsara ny loha-hevitra.
- Alefa manatona tobim-pahasalamana ilay olona raha ilaina izany.
- Eoamin'ny 10 ka hatramin'ny 15 minitra ny faharetan'ny dinidinika

2. NY DINIKA AMIN'NY VONDRON'OLONA (DAV)

Famaritana DAV :

Endrika fampitan-kevitra izay atao amin'ny vondron'olona ny DAV ka afaka miteny malalaka ny mpandray anjara tsirairay ary arahina ady hevitra mandritra izany fotoana izany.

Ny DAV dia ahafahana mamaha olana, manovo hevitra vaovao ary mizara fahalalana sy traikefa.

Ireo dingana arahana amin'ny DAV:

- Arahabaina ny tsirairay ary atao izay hahafinaritra ny rehetra eo am-piaingana
- Hazavaina tsara ny tanjon'ny dinidinika
- Fihetsika sy toe-tsaina vonona hifanasoa no aseho:
 - Amporisihina ny rehetra hametraka fanontaniana ary omena valiny avokoa
 - Aseho tsara fa liana amin'ny loha-hevitranay tena.
 - Fehezina tsara ny lohahevitra hazavaina
 - Tsy tokony ho mora tezitra mihitsy.
- Ampitaina amin'ny fomba mazava sy tsotra ny hafatra
 - Hevitra iray isaky ny miteny no ampitaina
 - Atao mifantana amin'ny mpanatrika ny karazana voambolana ampiasaina
 - Ialànan filazana zavatra tsy tena tokony ilaina akory.
 - Arahana ohatra mazava hatrany izay lazaina.
 - Asehony ifandraisan'ny hevitra ampitaina sy ny zavatra iainan'ny mpanatrika

Fitsipika mifehy ny DAV

- Hevi-dehibe 2 na 3 ihany no aseho isaky ny dinidinika
- Atao mahafinaritra ny tontolo anaovana ny dinidinika
- Atao tsara araka izay azo atao ny fomba fiteny: feo mazava sy mafy, mampiasa lantom-peo....

VOKATRA ANDRASANA

- **MAHAY MANENTANA AMIN'NY FANAOVANA VAD/DIO**
- **MAHAY MANENTANA AMIN'NY VONDRON'OLONA**
- **MAHAY MAMPIASA NY KAHIE FANENTANANA NY YOUTH GROUPS**

5. NY ATAO HOE DRAFITR'ASA

FAMPIDIRANA

Tena ilaina ny manao drafitr'asa mba hahaizan'ny tanora mpikambana ny asa fanentanana sy ny programa tokony hotanterahina.

Mitaky fiomanana ny asa fanentanana ka izay no antony hanaovana drafitr'asa.

Ny TM dia tsy maintsy manampy ny YG misy azy rehefa manao drafitr'asa.

Afaka atao isan-telo volana na isaky ny enim-bolana izy io.

TANJONA TRATRARINA

Ao aorian'ny fiofanana, ny mpandray anjara dia tokony:

Hahafantatra ny atao hoe drafitr'asa sy ny fomba fanamboarana azy.

Tombotsoa azo rehefa manana drafitr'asany

ny YG tsirairay.

FAHARETANY: 45 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages
- Markers + Taratasy fotsy + Stylo
- Fitsipika imprimé
- Masking tape
- Tabilao modely drafitr'asa

TOERANA: ANATY LAKILASY NA AMBANY HAZO RAHA TSY MISY OLONA MIVEZIVEZY.

FIPETRAKA: Manao endrika U na faribolana ny toeran'ny tanora.

FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA	FANAZAVANA	FAHARETANY	FOMBA FAMPITANA AZY
<p><i>Aorian'ny fiofanana ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</i></p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Hahafantatra ny atao hoe drafitr'asa ▪ Mizara ireo tombontsoa azo avy amin'ny fanaovana drafitr'asa 	<p>FAMARITANA</p> <p>Ny antsoina hoe drafitr'asa dia: famaritana mialoha ny paik'ady, ny fotoana, ary ny fitaovana ilaina mba iatrehana olana na tanjona na toe-javatra iray mba ahazoana vokatra tsara</p> <p>Ireo tombotsoa azo avy amin'ny fanaovana drafitr'asa</p> <ol style="list-style-type: none"> 1. Fahafantarana mialoha ny hery ananana 2. Fahafantarana mialoha ny fotoana hahatratrana ny vokatra izay andrasana 3. Fahafantarana mialoha ny fahalemena 4. Fahafahana mamaritra paik'ady handresena izany fahalemena izany 5. Ahafahana manapaka hevitra mialoha na hiroso amin'ny asa na tsia satria fantatra mialoha ny mety ho tombony na fatiantoka. 6. Ahafahana mamaritra dieny mialoha ny vokatra mety ho azo 	<p>15 minitra</p> <p>10 minitra</p>	<p>Fanentanana sy brise glace</p> <p>Vakiana ny tanjona ary arahana fanazavana fohy</p> <p>Asa1: Fampiasana karatra VIPP na STICKERS (Chemise cartonne notapatahana mitovy amin'ny karatra ny halehibeny)</p> <p>Dingana a: Zaraina karatra iray avy ny Mpiofana rehetra. Asaina manoratra ny atao hoe « drafitr'asa ao anaty karatra ny mpiofana. Ambara fa hevitra iray isaky ny karatra.</p> <p>Dingana b: Asaina ny tsirairay hametaka sy handahatra ny karany eny amin'ny tabilao.</p> <p>Dingana d: Vakiana ny hevitra rehetra voarakitra anaty karatra ary ezahina atambatra ny karatra manana hevitra mitovitovy ary esorina izay hevitra tsapa fa tsy mamaly ny tiana ahatongavana</p> <p>Dingana d: Mangataka mpiofana 2 na 3 mba haminitina ireo hevi-dehibe.</p> <p>Dingana e: Mamoaka valiny anaty emballageefa vita mialoha ka ampiatahana izay tsy hitan'ny mpandray anjara.</p> <p>Asa2: : Fanontaniana arahim-baliny</p> <p>Raha izay ary ny antsoina hoe drafitr'asa “inona ary no tombontsoa azo avy amin'ny fanaovana azy mialoha?”</p> <p>Dingana g: Raisina ny valiteny marina. Ankasitrahana ny fandraisan'anjaran'ny rehetra.</p> <p>Dingana h: Atao ny famintinana ary avoaka ny tahirinkevitra.</p>

<p>▪ Mahay manamboatra drafitr'asa</p>	<p>FOMBA FANAMBOARANA AZY</p> <ol style="list-style-type: none"> 1. Alohan'ny hanaovana ny drafitr'asa dia alaina aloha ny olana ara-pahasalamana sy ny oalana aratontolo iainana na asa fiarovana eny anivon'ny tanana ipetrahana 2. Vahaolana azo tanterahana eny anivon'ny fokonolona na hetsika tsotra azo tanterahana no atao anaty drafitr'asa. (azo vahana amin'ny asa fanentanana na ny fifanampian'ny fokonolona, tsy ilana fiateherana amin'ny fanampiana any ivelany) 3. Jerena araka ny laharam-pahamehana ny fametrahana ny drafitr'asa ho tanterahana mba ho azo tanterahana ao anatin'ny telo volana. <p>Ireo singa entina mamaritra ny drafitr'asa</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Lohahevitra na olana? ▪ Daty iatrehana izany? ▪ Inona no paik'ady atolotra hamahana izany olana izany? ▪ Inona no tanjona ho kendrena amin'izany? ▪ Iza no hanatanteraka izany? ▪ Inona avy no fitaovana ilaina? ▪ Aiza no hanatanterahana izany? ▪ Ahoana no fahafahana manao fanaraha-maso ny fanatanterahana ny asa? 	<p>15 minitra</p>	<p>Asa 3: Fandrafetana drafitr'asa</p> <p>Dingana a: Apetraka ho talaky maso ny tabilao modely misy ireo singa handrafetana drafitr'asa sy ny fe-potoana anaovana ny asa.</p> <p>Dingana b: Azavaina amin'ny mpiofana ny tabilao handrafetana ny drafitr'asa</p> <p>Dingana d: Zaraina modely drafitr'asa tsirairay avy ny Mpiofana ary asaina ny tsirairay hanao andrana amin'ny famolavolana drafitr'asa.</p> <p>Dingana e: Manara-maso ny Mpiofana tsirairay ireo Mpampiofana rehetra.</p> <p>Dingana f: Mangataka Mpiofana 2 hifandimby haneho ny asany avy.</p> <p>Dingana g: Manazava ny fomba fandrafetana azy ny TM</p> <p>Atao ny famintinana ny fanaovana drafitr'asa ary averina sy vakiana ny tanjona.</p>
--	--	-------------------	--

MODELY MOMBA NY DRAFITR'ASA

Daty	Lohahevitra	Toerana aleha	Tanjona kendrena	Paik'ady (asa hatao)	Fitaovana ilaina	Fanaraha-maso ny fanatanterahana	Ny Groupe na olona nanao ilay asa
10/03/18	Fanentanana Kapoty	BAR DAX	Fihenan'ny tanora voan'ny IST	DIO	Penis en bois sy Kapoty	Vita soa	Groupe 2
25/03/18	DINA	Ankindranoke	Mihena ny asa manimba	DAV	Boky Dina	Vita / KMD	YG
20/04/18	Fanadiovana Vovo	Bevato	Ahena ny isan'ny olona marary kibo	DAV	Savony sy Borosy ary famafa	Vita soa fa tsy ampy ny savony	Rasolo sy Refondy

Fanazavana

Daty: Ilay fotoana hantanterahana ny asa izay efa nomanina

Lohahevitra: Mikasika ny Tontolo iainana sy Fahasalamana ary ny Fahadiovana

Toerana haleha: Ilay toerana hanaovana ilay asa

Tanjona kendrena: Ny fiovana sy ny voka-tsoa rehefa manao ilay asa.

Paik'ady (asa hatao): VAD /DIO na DAV na seho- sehatra

Fitaovana ilaina: Ireo fitaovana ilaina hanatanterahana ny fanentanana, ohatra: karinem-panentanana, kapôty sns...

Fanaraha-maso ny fanatanterahana: Fanamarinana izay nataon'ny TM raha tena nataon'ny tanora tao anaty YG tokoa ilay asa. Ohatra hoe nanentana momba ny DINA izy ireo dia azo atao tsara ny manontany izay olona niavy teny ary apetaka ao fa vita soa na tsy vita sns...

Tompon'andraikitra: Ny olona hanatanteraka ilay fanentanana no soratana eo, mety ho ny Laeader irery io, mety koa ny Tanora mpikambana ao anaty YG

6. *NY FIFANDRAISAN'NY FAHASALAMANA - MPONINA-TONTOLO IAINANA (FMT)*

FAMPIDIRANA

Zava-dehibe sy manan-danja amin'ny fokonolona ny mahalala fa misy fifandraisany ny fahasalamana sy ny tontolo iainana ary ny asa fampandrosoana ny fokonolona.

Hita maneran-tany fa misy vokany ratsy amin'ny fahasalamana ny olombelona ny fiovaovan'ny toetr'andro.

TANJONA TRATRARINA

Ao aorian'ity lesona ity, ny tanora TM dia tokony afaka:

- Hahafantatra ireo karazana tolotra ara-pahasalamana misy eo an-toerana.
- Hahay ireo karazana asa fiarovana misy eo an-toerana
- Hanampy ny Fokonolona mba hahazo tombotsoa amin'ireo asa fiarovana sy ny tolotra ara-pahasalamana.

FAHARETANY: 65 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages, KPV, KPZ,
- Markers + Taratasy fotsy + Stylo
- Karatra SPE
- Masking tape

TOERANA: ANATY LAKILASY NA AMBANY HAZO RAHA TSY MISY OLONA MIVEZIVEZY.

FIPETRAKA: Manao endrika U na faribolana ny toeran'ny tanora.


FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA MANOKANA	FANAZAVANA	FAHARETA NY	FOMBA FAMPITANA
1. Ny mpandray anjara rehetra dia ho afaka hamaly ireo karazana tolotra ara – pahasalamana misy eo antoerana	<p>Famaritana ny foto-kevitry ny SPE (Santé – Population – Environnement) na azo adika ihany koa hoe « Fahasalamana - Mponina -Tontolo iainana » dia mamaritra ny fomba fampandrosoana maharitra izay maneho ny fifandraisana eo amin'ny olona, ny fahasalamana ary ny tontolo iainana.</p> <p>Ireto ny karazana tolotra ara-pahasalamana misy eo antoerana:</p> <ul style="list-style-type: none"> ✓ Ny Mpanentana ara-pahasalamana na AC: <ul style="list-style-type: none"> ○ Fanaovana FFP tsy maharitra ○ Fanentanana ireo karazana FFP maharitra ○ Fandraisana an-tanana ny zaza marary latsaky ny 5 taona. ○ Fanampiana ny fahasalamaman'ny reny mandritra ny fitondrana vohoka, fiterahana ary afaran'ny fiterahana sy ny zaza vao teraka. ○ Fanentanana ny fahasalamaman'ny tanora. ○ Fanentanana momba rano fisotro, fahadiovana ary fidiovana ✓ Ny CSB: Dokotera na Rasazy na Radoko izay mikasika: <ul style="list-style-type: none"> ○ Ny fitsaboana ireo marary rehetra tsy ankanavaka. ○ Ny fizahana ireo Vehivavy mitondra vohoka sy ny fampiterahana azy. ○ Ireo mila fandidiana dia tsy atao amin'ny CSB fa any amin'ny Hopitaly. ○ Ny fanaovana Vakisiny ny zaza sy ny reny. ✓ Ny Hopitaly: Dokotera manam-pahaizana manokana sy ahitana mpampivelona <ul style="list-style-type: none"> ○ Aretina rehetra mila fandidiana ○ Rehefa aretina tsy vitan'ny CSB no mandray azy dia alefa eny amin'ny Hopitaly. 	<p>05 minitra 05 minitra</p> <p>10 miniitra</p>	<p>Hetsika fanentanana.</p> <p>Asa 1: LALAO KARATRA VIPP</p> <p>Dingana arahina:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Asaina mba samy hitsangana ny rehetra ary hanao faribolana • Manendry olona iray mba ho eo anivo ary izay tsy mahavalny miditra eo anivo daholo. • Manontany ilay anivo hoe inona avy ny atao'ny AC antanana; ny KMD; Ny Komity; Data collecteur; CSE • Afaka mifidy izay tiany hanontaniana ary afaka manondro izay tiany hamaly izany. • Izay tsy mahavalny kosa rehefa tapitra dia tsy maintsy manao hetsika mahafinaritra: mandihy na mamerina ny voalaza rehetra. • Mamintina izay voalaza ny mpitarika. <p>Asa 2: ASAM-BAOMERA:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Inona avy ireo tolotra ara-pahasalamana atao'ny AC/CSB/HOPITALY A- Zarao ho vondrona telo. B- Omeo lohahevitra tsirairay: AC- CSB- HOPITALY VEZO. C- Omena 5 minitra mifandinika izany D- Asao ny solon-tena iray mba hamintina ny asa vitan'izy ireo. E- Manaova Famintinana amin'ny emballages efa vita mialoha. F- Asao ny rehetra mba hahay hanavaka ny asa atao'ny AC sy ny CSB ary ny Hopitaly. G- Ampianaro fa misy taratasy kely fenoina rehefa handeha hamony CSB na Hopitaly izay alaina ao amin'ny AC

<p>2. Ny mpandray anjara rehetra dia ho afaka manazava ireo karazana asa fiarovana izay atao eo an-toerana.</p>	<ul style="list-style-type: none"> ○ Misy toeram-pandidiana manokana ○ Misy fandriana maro sy efitra ary fitaovana manara-penitra mba hitsabona ny aretina rehetra. <p>❖ FAMARITANA NY ATAO HOE</p> <p>FIKAMBANANA MPITANTANA NY HARENA IFOTONY:</p> <ul style="list-style-type: none"> ○ Vondron'olona ifotony ○ Manana hevitra iombonana sy asa iombonana ○ Ka samy resy lahatra sy tapa-kevitra ○ Ny hiaro sy hitantana ireo harena andranomasina sy an-tanety ○ Amin'ny famelona ireo tekinika mahomby efa ela sy hanatsarana izany amin'ireo tekinika maoderina ○ Mba hanana Velomam-po maharitra ny rehetra sy ho lovain'ny taranaka amin'ny hoavy. ○ Tsy maintsy miditra mpikambana ny olona iray raha te hahazo ireo tombotsoa omen'ny Fikambanana. <p>❖ NY ANTONY HANAOVANA IZANY DIA:</p> <ul style="list-style-type: none"> ○ Ny Fikajiana ireo vatohara- ny ahitra- ny ala honko ○ Ny fitomboan'ny isan'ny trondro, ny ala honko. ○ Fahaizana manatsara ny fitantanana ny harenay ○ Fitantanana ny fiarovana ny tontolo iainana ○ Fiakaran'ny fidiram-bola an-tokantrano noho ny fisian'ny asa fanampiny ankoatry ny asa fihazana. <p>❖ IREO KARAZANA TETIK'ASA ATAON'NY BV:</p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Fambolena ala toy ny ala honko sy fihariana tantely ❖ Fihariana zanga sy fambolena lomotse ❖ Fampiofanana ny fahaiza-manao ho an'ireo Komity ❖ Fiantofana ny zaza hianatra an-dakilasy sy fampianarana azy ireny momba ny tontolo iainana. ❖ Fanampiana amin'ny fametrahana ny reserva tsy maharitra 	10 minitra	<p>Asa 3: TAFATAFA (Dinidinka sy ady hevitra)</p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Mba tanisao ny fikambanana misy amintsika an-toerana ❖ Inona avy ny asa izay ataony? ❖ Iza no efa mpikambana anatiny ary iza no tsy ao anatiny (hazavao)? ❖ Inona no tombotsoa efa azonao? ❖ Mizara roa avy eo: izay efa anatiny sy ny tsy anatiny (lasa groupe 2) ❖ Manao ady hevitra: Samy miteny izay antony itiavany mikambana ary ny ilany ny tsy hidirany ho mpikambana. ❖ Tohizo ny debat kanefa aoka atao anaty fifanajana hatrany ❖ Tsy tokony hisy hiady na korontana ❖ Aravona ny hevitra amin'ny fampisehoana izay efa nomanin'ny mpamiofana ❖ Ampio ny rehetra mba hiditra anaty fikambanana ❖ Ampio mba handray anjara amin'ny asa fanentanana.
---	---	------------	--

<p><i>3. Ny tanora dia ho afaka handresy lahatra ny Fokonolona ny tombotsoa azo noho ny fampiasana ny FMT amin'ny asa fampandrosoana.</i></p>	<p>momba ny Horita sy ny Fikarohana hanatsarana ny Kalitaon'ny Jono.</p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Fikarohana fidiram-bola fanampiny toy ny crabes.... <p>IREO KARAZANA TOMBOTSOA AZONTSIKA:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Ahafahan'ny mpivady manelanelana sy mikarakara ny zanany • Manome fahafaham-po ireo fikarakarana arapahasalamana misy eo an-toerana • Manatsara ny fahavitan-tena ara-tsakafo • Manatsara ny asa velomam-po • Mahay mitantana ireo ala toy ny honko, baobab sy ny fihazana maharitra • Mahay mikajy sy miaro ny tontolo iainana an-driake sy an-tanety 	<p>10 minitra</p>	<p>ASA 4 : FANTARO NY FIFANDRAISAN'NY FMT :</p> <p>Dingana a :</p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Maka tady telo ary zarao telo ny mpanatrika ❖ Omeo anarana hoe F, M, T ny groupe tsirairay ❖ Fatory ireo tady telo ary samy mitazona tady iray isaky ny groupe ❖ Esory ny tady iray dia anontantio ny rehetra hoe inona ny vokany? ❖ Hazavao fa mifampiankina tokoa ny Fahasalamana-Mponina- Tontolo iainana ka raha tsy eo ny iray dia misy banga ny asa fampandrosoana. <p>Dingana b :</p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Maka vatokely 50 isa ❖ Zarao roa mitovy ireo vatokely ireo. ❖ Zarao groupy roa koa ny mpanatrika ary ny iray atao vitsy ny mpanatrika (ohatra :5 na 6) ary ny ilany atao maro be. ❖ Ampiomano izy ireo mba samy haka vatokely izay azony isaky ny groupy. ❖ Manisa telo rehefa hanomboka ary manisa telo koa dia tapitra. ❖ Samy mampiseho izay vato azony ny tsirairay ary manisa izay tavela ambany eo isay ny groupy iray. ❖ Anontaniana ny rehetra ny dikany ilay lalao. <p>Dingana d : LALAO KARATRA SPE</p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Mizara groupe maromaro misy olona vitsivitsy. ❖ Samy mifidy karatra tsy mihoatry ny 20 ny groupe tsirairay ❖ Mandahatra ny lojika ny karatra azony ❖ Manao ady hevitra sy mamorona karazana tantara iray ❖ Manendry solon-tena isaky groupe hamintina izay tantara ny hevitra tiany avoaka ❖ Samy mihaino ny rehetra ary amin'ny farany ❖ Mahazo mametraka fanontaniana ka ireo olona anaty groupe ihany no mahazo mamaly ireo fanontaniana. ❖ Misy fomba maro hilalovana ny Karatra. Azfady jereo ny etsy ambany.
---	---	-------------------	---

Reseau SPE MADAGASCAR




Ireo tanjon'ny fampiasana ny fitaovana

Tanjona ankapobeny :

- Manome fahafahana ny mponina eny ifotony mba haneho sy hatakatra misimisy koakoa ny fifandraisana misy eo amin'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana, ary koa ny asa fivelomany ary ny fitantanana ny harena voajanahary


Tanjona manokana :

- Manamora ny fifanakalozana sy ny fifampizaràna hevitra eo amin'ny samy mpiara-monina avy eny ifotony
- Manosika hifantoka koakoa sy hirona any amin'ny fitondran-tena mendrika ho an'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana eny anivon'ny vondron'olona ifotony
 - Manome fahafahana ny fikambanana ara-tontolo iainana sy ara-pahasalamana miaino sy mahafantatatra ny fomba fijerin'ny mponina eny ifotony ny mahakasika ny fifandraisana eo amin'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana, izay hiainany eo amin'ny fainany andavanandro



Ny momban'ilay fitaovana

Ny fitaovana eto dia fitaovana tsotra izay miseho amin'ny endrika fitambarana karatra misy sary. Ny sary tsirairay dia mampiseho ny ampanan'ny zava-misy izay iainana eny amin'ny tontolo ambanivohitra isan'andro.




Ohatra : vato ara salama maro fa / vato ara efa simba, rezerva ho an'ny jono / fomba fanjono manimba, Ala matevina misy varika maro be / Ala simba be, Ala voaaro / karazana asa manimba ny ala, lovia misy sakafao maro isankarazany / lovia misy sakafao vitsy karazany, Zaza mandeha antsekoly / Zaza misasa, Vehivavy sy tanora mandray anjara amin'ny komity mpitantana ny harena voajanahary / Vehivavy sy tanora tsy mandray anjara amin'ny favoriana mahakasika ny fitantanana ny harena voajanahary, Vehivavy mamboly lomotse na legioma / Vehivavy mitaiza zaza maro, Mpivady misafidy ny hanao fandrindram-piterahana / Mpivady misafidy ny tsy hanao fandrindram-piterahana, Mpivady miaraka amin'ny zaza telo / Mpivady miaraka amin'ny zaza fito, Reny miaraka amin'ny zanany marary izay entina amin'ny AC / Reny miaraka amin'ny zaza marary mijanona ao antrano.

Ireo karatra voarakitra sary ireo dia azon'ny mponina eny ifotony ampiasaina mba andrafetana tantara sy hamoahana ny eritreritra, izay an'ny tsirairay manokana, ary mifototra amin'ny zava-misy sy ny tranga hainana isan'andro. Ny fotoana anaovana izany dia afaka entanin'ny mpiasana'ny fahasalamana, ireo mpampianatra antsekoly na ireo mpiasana'ny fikamabanana amin'ny tontolo iainana. Ireo karatra ireo dia voasokajy isaky ny lohahevitra, ary ny tena hampiasana azy ireo rehetra miaraka dia ny hamantarana sy hijerevana ny fifandraisana eo amin'ny singa samihafa.

Ireto avy ireo sokajina lohahevitra noraisina : fahasalamana'ny tontolo iainana, ny fitantanana ny harena voajanahary, ireo tranga goavana vokatry ny fiovan'ny toetran'andro (ny fikorontanan'ny toetrandro), ny asa fivelomampo, ny ara-tsakafy ao antokartrano, ny asa atao'nny vehivavy, mahakasika ny zatovavavy, ny asa ataon'ny ankizy, ny fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny tanora eo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary, ny fahasalamana'ny mponina eny ifotony, fandrindrana fainam-pianakaviana, ny elanelan-taona zaza ateraka, ny hamaroana/habetsaky ny fianakaviana, ny fikarakarana ny aretina mahazo ny zaza, ny fampiasana aro-moka, ny rano madio - fidiovana sy fahadiovana.

Ny fitaovana eto dia toy ny fitambarana karatra 70 misy sary (ny sasany amin'ireo dia mahakasika manokana ny tontolo iainana an-dranomasina na an-tanety). Manana fahafahana ny olona mampiasa ny karatra hisafidy ny karatra mifandraika amin'ny tantara tiany hoforonina. Ireo karatra ireo ihany koa dia afaka ampiasaina amin'ny fomba filalao sy fomba fampiasa maro samihafa.



Ireo tombotsoa amin'ny fampiasana ny fitaovana

Ny fampiasana ny karatra eto dia manome tombotsoa maro :

Manamora ny fifanakalozan-kevitra mivaingana sy mifanaraka amin'ny toe-java-misy isan-karazany

Io fitaovana io dia natao mba hanamora ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny samy vondron'olona ifotony, fa tsy hanapariahana vaovao na hampitana hafatra mahakasika fampianarana hafa. Mety ho sarotra matetika ny miresaka ny fifandraisana saro-takarina eo amin'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana, fa io fitaovana io dia mampisokatra sy manamora ny adihevitra mahakasika izany avy amin'ny alalan'ny tantara sy ny tranga natsangan'ny ireo nampiasa azy. Ny kisarisary amin'ireo karatra dia manamora ny fahazoan'ireo mponina eny ifotony na hoan'izay tsy nandia ambaratongan-tsekoly aza no mampiasa azy, ary mamela azy ireo handinika sy hifampiresaka na ny mahakasika ny tontolo andranomasina na ny tontolo antanety.

Fitaovana mampifandray sy mampandray anjara

Io fitaovana io dia tahaka ny lalao karatra (izay misy fomba maro karazany hilalaovana azy hahafahana mitrandraka ny fifandraisana misy eo amin'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana) ary misy fitoviana amin'ny fampiasana azy izay manome vahana ny fampifandraisana; ny mpampiasa ny fitaovana eto dia afaka mikirakira ny karatra, mba hifidy sy handamina azy ireo mba hanamboarany ny tantarany. Ity fitaovana ity noho izany dia manosika ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny famoronana sy ny fanohanana ny hevitra amin'ny fananganana tantara. Ireo olona mampiasa ny karatra ihany no afaka maneho sy miresaka ankahalahana ny tantara izay araka ny niainany, izay mety mahaliana azy sy hanehoany ny heviny. Ny fampifandraisana amin'ny alalana karazana fitaovana toy io dia hita fa tena mandaitra amin'ny fanamorana ny fifanakalozan-kevitra, ary ny fandraisana andraikitra ny mpandray anjara, ary eto izy dia entina amin'ny fampandraisana anjara eo anivon'ny fiaraha-monina ho amin'ny fampandrosoana ny ara-tsosialy izay manome vahana ho an'ny ara-pahasalamana sy ny tontolo iainana.

Manome fahafahana ho an'ny mponina haneho malalaka sy hitondra ny heviny ny amin'ny zavatra hiainana isan'andro

Amin'ny fitarihana favoriana miaraka amin'ny olona vitsivitsy, ny mpanentana dia mamela ireo olona hilaza ny heviny an-kalalahana tsy misy fanerana na fitsarana ny heviny. Ny anjara asan'ny mpanentana amin'io fotoana io dia ny mampirisika ny famokarana ny tantara ary manentana hatrany handinika ny lojika sy ny mety safidy hafa mba hahatontongavan'izy ireo hamoaka fehin-kevitra manokana.

Ny fikambanana miasa ho an'ny tontolo iainana sy ireo miantsehatra amin'ny fahasalamana dia afaka mahafantatra ny fomba fjerin'ireo mponina avy eny ifotony mahakasika ny fifandraisana eo amin'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana

Ankoatra ny maha fitaovana entina hanentanana eny ifotony azy, ny fifanakalozan-kevitra tarihin'ny tantara amin'ny alalan'ireo karatra ihany koa dia ho ilain'ireo fikambanana miasa amin'ny sehatry ny tontolo iainana sy ny sehatry ny fahasalamana, izay afaka maheno sy mahafantatra izay fomba fjerin'ireo olona avy eny ifotony ireo mahakasika ny olana hiainan'izy ireo amin'ny andavan'andro. Ireo karatra ireo koa dia afaka ampiaisaina amin'ny fandinhana sy firesahana amin'ny fiaraha-monina eny ifotony, ohatra rehefa misy fikambanana iray mikasa hanao asa SPE mba entina hamalina ireo olana sy fahasahiranana maro lafy izay hiainan'ny mponina.

Manao ahoana ny fampiasana ny fitaovana ?

Mpanentana

Ny karatra dia afaka ampisain'ireo mpiasan'ny fahasalamana izay miasa eny ifotony, ny mpampianatra ary koa afaka ampisain'ny mpiasan'ny fikambanana amin'ny sehatry ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fanenantanana sy ho fanamorana ny adihevitra miaraka amin'ny vondron'olona ifotony vitsivitsy (lahy, vavy, tanora) eny am toerana izay hanatanterahina ny SPE.

Vondrona

Afaka atao ny mampiaraka sokajin'olona manana taona samihafa, vavy sy lahy, anaty vondrona iray (tsy mihoaatra ny 8) mba hisin'ny fifanakalozan-kevitra amin'ny fijery samihafa. Azo atao ihany koa ny mampiaraka olona mitovy taona sy ny mampiaraka ny vavy samy vavy na ny lahy samy lahy raha toa ka hita fa izay no mampahazo aina azy ireo ary mampisokatra sy mamporisika azy ireo koakoa hamokatra adihevitra.

Toerana

Azo atao ny mananteraka ny favoriana any ivelan'ny trano (voaaro amin'ny rivatra), na afaka atao ihany koa anaty efitra iray. Na izany aza ny fanorenana tantara amin'ny fampiasana ny karatra, dia mety mitaky toerana iray somary mivelatra (atao eny amin'ny tany na ambony latabatra lehibe iray).

Fanokafana

Amin'ny fanombohana ny favoriana iray, ny mpanentana dia manolotra ny karatra (manaparitaka azy ireo amin'ny tananay na mametraka azy ireo amin'ny tany), ary koa mampafantatra ny tanjona ankabopen'ny favoriana (miaraka hijery ny fifandraisana misy eo amin'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana




amin'ny alalan'ny tantara sy fifanakalozan-kevitra), ary manazava kely sy mamebelatra mikasika ny fomba fisehon'ny fotoam-pivorianana.

Fitantarana ary fifanankalozana

Misy fomba maro azo « hilalaovana » ny karatra mba hijerevana ny fifandraisana misy eo amin'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana. Ny mpiasan'ny fahasalamana, ny mpampianatra an-tsekoly sy/na ny mpiasan'ny fikambanana ara-tontolo iainana izay miomana ny hampiasa ny karatra miaraka amin'ny vondron'olona ifotony dia afaka manao andrana voalohany amin'izy samy izy, ohatra, manandrana fomba samihafa « hilalaovana » ny karatra mba hitantarana tantara sy hanana fijery lojika.

Ireto misy fomba vitsivitsy afaka atao « hilalaovana » ny karatra izay hita tamin'ny fampiasana azy voalohany :

- ▶ Ny fitambaran'ny karatra (na ampahana karatra izay efa voafantina) dia zaraina amina vondron'olona vitsivitsy. Misy karatra iray sarihina mba hanombohana ny tantara, ka ny tsirairay ao anatin'ny vondrona dia (mandeha tsirairay) dia mifidy tsara karatra iray eny an-tànanterina mba hanampina ny tantara, sady manazava ny lojikany rehefa mametraka ny karatra (ny lojika eto dia afaka hiadiana hevitra eo amin'ny tsirairay ao anatin'ny vondrona ary afaka soloina hafa ny karatra raha toa ka hita fa tsy mitombina ho an'ny mpikambana maro an'isa ao amin'ny vondrona ny lojika tamin'ny karatra voalohany). Amin'izay fomba izay ny vondrona dia manamboatra tsikelikely miaraka ny tantara, sady mifanakalo hevitra no mijery ny lojika misy eo amin'ny karatra tsirairay, mandrapamorona tantara iray malalaka izay mandray miaraka ny singa mahakasika ny fahasalamana sy ny tontolo iainana (mety ho karatra 20-30 eo ny fitambarany).
- ▶ Manomboka mampiseho avy hatrany ny firindrana tantara fohy ny mpanentana amina karatra 5-8. Misy vondrona iray misy olona vitsivitsy hasaina hanoy ny tantara amin'ny fampiasana ny ambina karatra izay eny ampeletanany.
- ▶ Misy olona iray ao anatina vondron'olona vitsivitsy izay hasain'ny mpanentana hampiasa ny karatra mba hamorona tantara iray (miaraka amin'ny ambin'ireo olona hafa ao anaty vondrona mijery mangina), avy eo ireo olona hafa ireo dia hasain'ny mpanentana hametraka fanontanina ho an'ny mpamorona ny tantara na haneho hevitra mahakasika ilay tantara.
- ▶ Rehefa misy tantara iray voaforona (avy amin'ny alalan'ireo fomba voalaza etsy ambony na tamina fomba hafa), ny mpanentana dia afaka manontany ny vondrona mba hamantatra ireo ampahany amin'ny tantara izay tena manan-danja amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra (ohatra, ny fanapahan-kevitry ny mpivady mampiasa / tsy mampiasa fandrindrana fiainam-pianakaviana, ny fanapahan-kevitry ny fiaraha-monina ny fitantanana / tsy fitantanana ny harena voajanahary miaraka) ary manasa azy ireo hanandrana fanovana amin'ireo fanapahan-kevitra ireo mba hahitana ny mety fiovan'ny karatra manaraka (ohatra, fahasalamana tsara / tsy fahasalamana ny fianakaviana, ny fahatsaran'ny tontolo iainana / tontolo iainana simba) ary ny tantara voalohany amin'ny ankapobeny (oh., ireo izay mifandray amin'ny fisian'ny asa fivelomana samihafa, ny fanjariana ara-tsakafo, sns).



Misy fomba hafa tokoa afaka « hilalaovana » ny karatra koa aza misalasala manandrana amin'ny fomba misy famoronana ary hampahafantatra anay ny fomba mety aminareo mba hahafahanay mampiditra hevitra maromaro kokoa ao anatin'ito tari-dàlana ito!

7. NY ATAO HOE FAHASALAMANA

ARA-PANAHANA

FAMPIDIRANA

- Ny Zatovo sy ny Tanora dia tsy maintsy mahazo fahalalana ampy momba ny fahasalamana ara-pananahana ary anisan'ny zo fototra amin'ny maha-olona ny mahafantatra ny marina.
- Ny TM izay mpitarika ny YG dia tsy maintsy ampy fahaizana sy fahalalana tsara mba tsy ho diso ny hevitra izay ampitana amin'ny tanora ary koa mba hampisy fiovana tokoa eo amin'ny samy tanora.

TANJONA TRATRARINA

Ao aorian'ity lesona ity, ny tanora YG dia tokony afaka:

- Hahalala ny atao hoe fahasalamana ara -pananahana sy ireo karazany mandrafitra izany.
- Hahalala ny vahaolana ireo sakana tsy mampazoto ny tanora mamonjy toeram-pitsaboana
- Hahalala ireo fiovana misy mandritry ny fahatanorana

Fomba fampitana azy	Fitaovana ilaina	Lohahevitra
Animation Lalao arahina fanontaniana mitaky valiny Asam-bondrona Fijoroana vavolombelona Asam-bondrona Famelabelarana arahina fandraisana anjaran'ny Mpivory	Taratasy Emballages Markers Chemise carton Stickers Poster Anatomie Fisy fanentanana	Hanazava momba ny fahasalamana ara-pananahan'ny tanora rehefa manao adi-hevitra amin'ny tanora anaty YG

FAHARETANY: 60 minitra

TOERANA: ANATY LAKILASY na SALLE

FIPETRAKA: Manao endrika U na faribolana ny toeran'ny tanora.

FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA MANOKANA	FANAZAVANA	FAHAR ETANY	FOMBA FAMPITANA AZY
<p><i>Aorian'ity taranja ity ny tanora dia ho afaka</i></p> <p>1. Hahafantatra tsara ireo karazana fiovana ara-batana.</p>	<p>1. FAMPIDIRANA Alohan'ny hanomezana fampianarana ny tanora dia tena tsara aloha ny mahalala ny hevitny momba ny resaka firaisansa ara-nofo sy ny fomba amam-panao eo an-toerna ary ny lanjan'ny fahasalamana ara-paanananahana eo amin'ny tanora.</p> <ul style="list-style-type: none"> ✓ Ny Kapaoty dia natao ho an'ny tanora rehetra tsy mifidy hoe manan-kerena sy manantra. ✓ Ny fanaovana firaisansa ara-nofo alohan'ny fanambadiana dia tsy azo ekena ✓ Ny Fampianarana momba ny firaisansa ho an'ny zatovo dia mahatonga azy hanao firaisansa ara-nofo aloha be na lasa mana fanirina hanao. ✓ Tena ratsy kokoa amin'ny tovovavy ny fanaovana firaisansa ara-nofo raha ampitahaina amin'ny tovolahy ✓ Misy karazana FFP tsy mety amin'ny adolantsento ve? ✓ Ny kapaoty no tena FFP tsara indrindra ho an'ny tanora satria sady miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisansa ara-nofo no miaro amin'ny vohoka tsy niriana. ✓ Tsy mazoto mampiasa ireo tolota omena azy ny tanora toy ny kapaoty; CSB; Fitiliana ✓ Vaa maika mampirisika ny tanora hanao firaisansa ara-nofo ny fisian'ny toeram-pitsaboana sy ny fampianarana ary ny fanentanana. 	<p>5 minitra</p> <p>15 minitra</p>	<p>Hetsika fanentanana</p> <p>ASA 1: FANTARO NY HEVINY</p> <p>Dinagana a: asa fiomanana</p> <ul style="list-style-type: none"> • Maka chemise carton efatra • Asiana soratra lehibe toy izao: <ul style="list-style-type: none"> ○ TENA MANAIKY ○ MANAIKINAIKY ○ TENA TSY MANAIKY ○ MISALASALA • Apetaho amin'ny rindrina ireo soratra sady mifanelanlana mba ahafahan'ny mpandray anjara milahatra tsara eo. <p>Dingana b: Famoahana ny hevity ny tanora:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Asehoy ny mpanatrika ny soratra effatra • Asao vakiana amin'ny feo avo • Mifidy izay tiany amin'ireo ny mpanatrika araka izay fahitany azy ary tokony hisy hanery azy. • Mba mila miaino ny hafa koa sady tsy manakiana ny safidy izay ataon'ny hafa. • Apetraka tsirairay ny fanontaniana avy eo samy mifidy izay tiany handehanany ny tsirairay araka ireo soratra efatra. • Anontaniana ny hevity ny tsirairay saky ny mifidy ireo. • Atao mitovy amin'izany amin'ireo karazana fanontaniana.

	<p>2. FIOVANA EO AMIN'NY TANORA</p> <ul style="list-style-type: none"> • Famaritana ny atao hoe « Tanora »: Fe-potoana tetezamita eo anelanelan'ny ankizy sy ny olon-dehibe. Ankapobeny manomboka 10 taona ka hatramin'ny 24 taona ka ahitana ny: <ul style="list-style-type: none"> ○ Adolantsento: 10 – 19 taona ○ Zatovo: 15- 24 taona • Fiovana eo amin'ny tanora: <ul style="list-style-type: none"> ○ Ara-batana ○ Ara-pihetseham-po ○ Ara-tsaosialy ○ Ara-toekarena ○ Fahalalana sy Fahaizana • Ny Fahasamihafan'ny tanora: Tsara ho fantatra fa tsy mitovy fitiavana raha tiana ny tanora tsirairay. Ny zavatra ilain'ny tanora dia miovaova arakaraky ny: <ul style="list-style-type: none"> ✓ Fanahanhana: Lahy sa Vavy ✓ Taona ✓ Fanabeazana ✓ Fivavahana ✓ Fiaviana (kolontaina- halavirana – ambanivotra na an-tanan-dehibe) ✓ Manambady sa tsy manambady ✓ Fananana ✓ Foko ✓ Volon-koditra ✓ Fahalemena ara-batana 	20 minitra	<p>Asa 2 : ADY HEVITRA</p> <p>Dingana a : Asam-bondrona</p> <ul style="list-style-type: none"> a- Zarao groupe maromaro ny mpivory b- Samy manao ady hevitra ny isaky ny groupe c- Tena zava-dehibe ve ny mijery ny fahasalamana ara-pananahan'ny tanora toy ny fitsaboana-fampianarana sns... d- Apetaho amin'ny emballages ny valin-teny isaky ny groupe e- Asaina manazava ny isaky groupe fa tsy hoe mamaky teny fotsiny. f- Arahina ady hevitra ny hevitra rehetra.
	<p>3. ANTONY NY TSY FAHAZOTOANA MAMONJY HOPITALY NA CSB :</p>		

<p>2. Ireo antony tsy mampazoto ny tanora hamonjy ny toeram-panjakana.</p> <p>3. Hahay ireo singa mandrafitra ny fahasalamana ara-pananahana.</p>	<ul style="list-style-type: none"> ✓ Famoahana ny tsiambaratelony na ny momba azy manokana amin'ny hafa ✓ Ratsy fandraisana ✓ Fahatahoorna ny hotsaratsarain'ny hafa ✓ Fiheverany fa natao ho an'ny olona efa manambady ny Hopitaly sy ny CSB ✓ Tsy fahafantarany ireo karazana tolota misy any amin'ny Hopitaly ✓ Mety ho voan'ny IST ohatra izy nefá tsy misy fambara ety ivelany dia tsy mamnjy Hopitaly izy. ✓ Ora fisokafan'ny Hopitaly na CSN tsy mifandraiky aminy (aorian'ny asa fihazana vao afaka) ✓ Fandraràna tsy ara-dalàna izay ataon'ny Ray aman-dreny na Mpitondra fivavahana sns.... ✓ Lafo loatra ny vola aloha any amin'ny Hopitaly na CSB rehefa mitsabo izy. ✓ Fahatahorana (fitiliana- tsindrona sns...) ✓ Lavitra ny toerana misy ny Hopitaly sy ny CSB <p>4. IREO KARAZANA SINGA MANDRAFITRA NY FAHASALAMANA ARA-PANAHANA:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Famaritana: <p>Ny atao hoe fahasalamana ara-pananahana dia fahasalam'anireo singa izay misy ifandraisany amin'ny taovam-pananahana eo amin'ny maha-lahy na ny mahavavy toy ny vatana, ny saina, ny fihetsika ary ny fitondran-tena. Tsy ampy fotsiny hoe ny aretina sy ny fitsaboana fa eo koa ny fisorohana izay tsy maintsy atao mialoha.</p> <ul style="list-style-type: none"> • Inona avy ny karazany? 	<p>10 minitra</p>	<p>Asa 3 : OLANA SY VAHAOLANA</p> <p>Dingana a : Lalao</p> <ul style="list-style-type: none"> • Ataovy manao faribolana ny mpanatrika • Afaka miptetraka na mitsangana • Asiana olona iray eo anivo mitarika ny resaka sy mametraka ity fanotaniana ity « Inona no nahatonga ny tanora maro tsy tia mamnjy hopitaly na CSB » • Misy iray hafa mandray ny valin-teny rehetra. <p>Dingana b: Fampitahaina</p> <ul style="list-style-type: none"> • Vakina tsirairay ny valinteny rehetra • Aseho ny efa vita omana mialoha • Asaina mampitaha izay tsy voasoratra mpanatrika • Isaorana ny rehetra <p>Dingana d: Inona ny vahaolana?</p> <ul style="list-style-type: none"> ✓ Asaina ny rehetra hanome soso-kevitra ✓ Tsy misy tokony hokianina fa raisina daholo ✓ Mampanantena fa hoentina any amin'ny manam-pahefana ara-pahasalamana ireo soso-kevitra ireo mba hanatsarana ny tolota azon'ny tanora. <p>Dingana e: Famintinana atao ny Mpitarika.</p>
---	--	-------------------	---

	<ul style="list-style-type: none"> ○ Fahasalaman'ny reny: FFP- CPN- CPON- Fiterahana ieren-doza ○ Fahasalamn'ny zaza: Vakisiny- Sakafo- fitandremana sy fitsaboana ary amin 'ireo aretina matetika mahazo ny zaza latsaky ny 5 taona ○ Fahasalaman'ny tanora: Fisorohana ny vohoa tsy nirina sy aloha loatra Fiarovana amin'ny tsimok'aretina IST/VIH/SIDA Fampiroboroana ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ho an'ny tanora Fanampiana azy amin'ny olana ateraky ny fisotroan- toaka- zava-mahadomelina- fivarotan-tena- fandikan- dalana 	15 minitra	<p>Asa 4: FANONTANIANA ARAHIM-BALINY</p> <p>Dingana a: Dinidinika</p> <ul style="list-style-type: none"> ✓ Inona no fahafantaranao ny hoe « Fahasalamana ara-pananahana »? ✓ Afaka mitanisa izay mba hainao ve na manomeza ohatra fantatralo? ✓ Ho an'ny reny, inona no tena ilainy? ✓ Ho an'ny zaza, inona no tena ilainy? ✓ Ho an'ny tanora inona no tena ilainy? <p>Dinagana b: Fanazavana ireo singa mandrafitra:</p> <ul style="list-style-type: none"> ✓ Fahasalaman'ny reny sy ny zaza ✓ Fahasalman'ny zatovo sy ny tanora <p>Dingana d: Hazavao fa ianarana tsirairay ireo singa ireo amin'ny YG.</p> <p>Famintinana ireo hevitra rehetra hita tato.</p>
--	--	---------------	---

8. NY TONTOLO IAINANA

FAMPIDIRANA:

Ity lesona ity dia natao hanampiana ny tanora hahafantatra bebe kokoa momba:

1. Ny tontolo iainana manodidina azy,
2. Hahaizany mikolokolo izany araka ny tokony ho izy ary
3. Mba hampandray anjara azy ireo amin'ny fikajiana azy.

TANJONA TRATRARINA:

Aorian'ny fampianarana ny tanora dia hahay bebe kokoa mikasika ny tontolo iainana sy ny tokony hiarovana azy. Hetsika andrasana aorian'izany dia:

1. Fandraisana anjara ny tanora amin'ny fanadiovana faobe atao hiarahana amin'ny fokonolona sy fandamina miaraka amin'ny komity an-tanana
2. Miara manentana amin' ny fokonolona an-tanana
3. Manangona ireo fako tsy mety levona (plastika)

FITAOVANA ILAINA:

4. Emballages
5. Markers
6. Masking tape

FAHARETANY : 40 minitra

TOERANA : ANATY LAKILASY na SALLE

FIPETRAKA : Manao endrika U na faribolana ny toeran'ny tanora.

FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA MANOKANA	FANAZAVANA	FAHARE TANY	FOMBA FAMPITANA
<p>1-Ny Tanora YG dia afaka mamaritra ny atao hoe tontolo iainana sy ny tokony hiarovana azy</p> <p>2- Afaka manazava ireo zavatra manimba ny tontolo iainana sy ny fomba hiarovana azy</p>	<p>1. FAMARITANA NY ATAO HOE TONTOLO IAINANA</p> <p>Ny tontolo iainana dia fitambaran'ny zavatra rehetra manana aina na tsy manana aina manodidina antsika. Ny zavatra manan'aina dia ny biby, ny zava-maniry ary indrindra isika olombelona. Aoka tsy hadino fa isika olombelona koa dia tafiditra ao anatin'ny tontolo iainana. Ireo rehetra tsy manana'aina koa dia azo sokajiana ho tontolo iainana toy ny rivotra, ny masoandro, ny vato ary ny ranomasina.</p> <p>2. METY MIARO NY TONTOLO IAINANA VE NY FAMBOLENA HAZO?</p> <p>Mahasoa ny tontolo iainana ny fambolena hazo. Ny antony dia maro:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Mitondra endrika tsara ho an'ny tanàna • Mahatonga rivodrivotra sy alokaloka eo amin'ny tanàna. • Manome sakafo raha toa ka hazo fihinamboa manahaka ny papay, kily, sns. • Raha hazo maro ka tonga ala mihitsy no ambolena dia mahatonga orana eo amin'ny tanàna. <p>3. MANIMBA NY TONTOLO IAINANA VE NY FANARIANA PLASTIKA SY FAKO ENY REHETRA ENY?</p> <p>Tena manimba satria ny ranomasina koa dia ao anatin'ny tontolo iainana. Ny plastika sy ny fako tsy voajanahary dia lasa anaty ala, anaty ranomasina, hanin'ny biby (trondro sy fano) ka mampaharary azy ireo ary mety hahafaty azy mihitsy.</p>	<p>10 minitra</p> <p>10 minitra</p>	<p>LALAO FIFANKAFANTARANA: Angataho ny tanora hieritreritra anaranà biby na zava-maniry ka tsy hanambara izany amin'ny olona hafa. Rehefa samy nieritreritra ny azy dia manoratra izany ao anaty taratasy. Angatahina ny tanora hanao faribolana. Izay eo anila no angatahina hampahafantatra ny olona eo anilany Ohatra: Ny anarany Kemba Kily (Kemba: ilay tena anaran'ilay olona ary Kily: ilay zava-maniry noeritreretinao) Rehefa vita ny an'ny rehetra dia tapitra ny fanentanana kelikely</p> <p>ADY HEVITRA (DEBAT): <i>Fizotran'ny Débat:</i> soraty mialoha amin'ny emballage ireo fehezan-teny hiadiana hevitra. Zarao tarika roa ny tanora ary zaraina aminy ireo taratasy misy ny fehezan-teny. Samy manana ny azy ny tarika. Rehefa samy mahazo ny azy dia mifampiresaka hoe inona no hanohanana ny heviny. Ireto avy ny soratra ao: <i>Fehezan-teny tarika 1:</i></p> <ul style="list-style-type: none"> • Ny atao hoe tontolo iainana dia ny ala sy ny ala honko. • Hiarovana ny tontolo iainana dia soa ny mamboly hazo. <p><i>Lohahevity ny tarika 2:</i></p> <ul style="list-style-type: none"> ■ Tsy manimba ny tontolo iainana ny fanariana plastika sy fako ao an-tanà. ■ Ny tontolo iainana dia ireo izay rehetra manodidina antsika na miaina na tsia. <p>Rehefa voazara ireo dia omena 15mn ny tarika hiresahana ny heviny. Ny Leader no mitarika ny ady hevitra "débat" ary ireto avy ny lalàna mifehy izany:</p>
40			

	Raha misy poizina ny fako dia mety ho tratra koa izay olona mihinana an'ireo biby ireo	15 minitra	<ul style="list-style-type: none"> • Ny rehetra dia mahazo mandray anjara fitenenana (tokony handray anjara ny rehetra). • Tsy mihoatran'ny 30 segondra ny fandraisana fitenenana • Voafetra ho 10mn isaky ny fehezan-teny azo hanaovana ny débat. • Afaka mamaly manohitra hevitra ny tarika (1 na 2) rehefa miresaka ny tarika 1. <p>Famintinana: Ambara amin'ny tanora ny tena dikan'ny atao hoe tontolo iainana, ny maha-zava-dehibe azy ary ny antony hiarovana azy.</p>
		05 minitra	

VOKATRA ANDRASANA

- **MAHAY NY ATAO HOE TONTOLO IAINANA**
- **MANAIKY HAMBOLY HAZO**
- **MANAO PAIK'ADY HANANGONANAIREO PLASTIKA**

9. NY ASA FIAROVANA SY NY

FIHAZANA MAHARITRA

FAMPIDIRANA:

Hahafantaran'ny tanora bebe kokoa mikasika

- ✓ ireo fomba fiarovana ny tontolo iainana hita sy hampiharina amin'ny alalan'ny fikambanana
- ✓ mba ahafataran'ireo Tanora ny atao hoe fihaza- maharitra, Ary ahaizan'izy ireo ny fomba atao amin'izany.

TANJONA TRATRARINA:

Aorian'ny fampianarana, ny tanora dia

- ✓ mahay ny mombamon'ny fikambanana eo amin'ny faritra misy azy.
- ✓ afaka manentana ny olona tsy ampiasa ireo fitaova-manimba sy hanaja tsara ireo datin'n'y reserve

FITAOVANA ILAINA:

7. Emballages
8. Markers
9. Masking tape

FAHARETANY: 40 minitra

TOERANA: ANATY LAKILASY na SALLE

FIPETRAKA: Manao endrika U na faribolana ny toeran'ny tanora.

FIZOTRAN'NY FIVORIANA

TANJONA MANOKANA	FANAZAVANA	FAHARE TANY	FOMBA FAMPITANA
1. Ny tanora dia tokony hahay ireo fomba maro isan-karazany eo amin'ny asa fiarovana tantanan'ny fikambanana izay hita eny amin'ny faritra misy azy	<p>A- ASA FIAROVANA</p> <p>1- ahoana no niantombohan'ny fikambanana teto aminareo. Fahitan'ny fokonolona fa miha vitsy ny harena an-dranomasina.</p> <p>2- inona avy ireo fomba fiarovana ny tontolo iainana ataon'ny fikambanana misy eo amin'ny faritra? Ireto avy ireo fepetra noraisin'ny Fikambanana hitantanana maharitra ny fihazàna sy hijarohana ny tontolo iainana:</p> <ol style="list-style-type: none"> 1. Fametrahana Dina hifehy ny fihazàna ary fametrahana fepetra ho fanaovana ny fanaraha-maso. 2. Fametrahana reserva maharitra 3. Fanampiana ireo tanàna izay manao reserva horita tsy maharitra atao isan-tanà 4. Fanaovana fihaza maharitra. <p>3- inona no antony nananganana ny fikambanana? Hitany fokonolona ny maha zava-dehibe ny tokony hijarohana mitantana ny harena an-driaka</p> <p>B- FIHAZANA MAHARITRA</p> <p>1- Inona no atao hoe "Fihazana maharitra"? Ny atao hoe fihazana tsy maharitra dia izay fomba fihazana rehetra mampiasa fitaovana manimba. Ireo fitaovana ireo dia madraoka na dia fia kelikely aza, mitarika izay karazanà zava-manan'aina maro anaty ranomasina. Ny fanimbana na fanorotoroana ny vato hara koa dia manimba ny toerana fipetrahan'ireo fia ireo.</p> <p>2- Inona avy ireo fitaovana fihazana mety manimba ny tontolo an-dranomasina? Inona ny antony?</p>	10 minitra 10 minitra	<p>Hetsika mahafinaritra ASA 1: ASAM-BONDRONA</p> <p>Dingana a: Zaraina tarika roa ireo tanora ary ametrahana fanontaniana hoe:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Inona no fomba ataon'ireo fikambanana anatanterahana ny asa fiarovana? <p>Dingana b: Omena 10 mn ny tarika hanaovany dinidinika miaraka ary rehefa vita izany dia misy solontena mitondra ny tatitra eo amin'ny olona rehetra. Afaka misy olona solontena roa na telo tonga eny aloha manao ny "présentation" ho an'ny rehetra.</p> <p>Dingana d: Omena 5mn eo ho eo ny solontena hanao "présentation" eny aloha. Ny Leader no manampy arakaraky ny fanampimpanazavana etsy ambany</p> <p>ASA 2: ADY HEVITRA</p> <p>Dingana a: Soratana amin'ny taratasy ireto manaraka ireto:</p> <ol style="list-style-type: none"> 1. Ny LARO: Inona no loza aterany? 2. Ny TARIKAKY: Inona ny dikany ary ny vokany eo amin'ny harena anaty ranomasina? 3. Ny FIHAZANA BE LOATRA: Inona ny antony nanaovana ny Reserva sy ny fermeture? <p>Dingana b : Vakiana izay voasoratra ao anaty taratasy ary manontany izay manaiky izany. Izay manaiky dia mandeha</p>

<p>2. Ny Tanora YG dia afaka mamaritra ny atao hoe fihazana maharitra sy ny tokony atao raha sendra mahita olona manao asa manimba.</p>	<ul style="list-style-type: none"> ■ Tarikaky: manimba satria madraoka mitarika izay zavatra rehetra anaty ranomasina ao, na fia kelikely na ireo biby kely sakafon'ny fia, na ireo zava-manan'aina hafa toy ny soky izay tokony sakafon'ireo fia bevata. Lasa avokoa ireny ary mandripaka ny zavatra rehetra ao anaty ranomasina ao. ■ Laro: manimba satria ny poizina ao anatiny ao dia mamono ireo fia rehetra hita ao, na kely na lehibe ary koa mamono na dia ireo zava-manan'aina na zava-maniry hita ao. Manimba ny zavatra mivelona rehetra ao sy ny vato hara ny fanaovana laro. ■ Fihazana fia, horita, drakaka kelikely: ny fihazana ireo biby mbola kelikely ka tsy mamela azy hitombo dia mandany ny harena an-driaka. Tahaka izany koa ny filàna drakaka na horita kelikely mandritra ny fisokafan'ny reserve. Ny fihazana horita, langouste ary crevettes amin'ny fotoana fidian'ny reserve koa dia tsy mampaharitra ny fisian'izy ireo satria amin'io fotoana io no mitombo maro izy. ■ Fihazana be loatra (mare): rehefa maro loatra ny fia hazàna an-driaka ao, rehefa maro loatra ny olona miantehitra amin'izany kanefa tsy afaka mitombo ireo ao, dia izay no atao hoe “be loatra” ny fihazana atao. Raha taloha mbola maro be ny fia, ary tsy lavitra ny seranana no fihazana azy, ankehitriny kosa tsy maintsy mandeha andrefana lavitra any vao mahazo fia maro. Misy fotoana aza tena tsy mahazo fia mihitsy ny mpihaza ao anaty andro iray. <p>3- Inona no atao hampaharitra ny harena an-driake?</p> <p>Misy fomba maromaro atao'ny olona mba hampaharitra ny harena an-driake:</p> <ul style="list-style-type: none"> ■ Fametrahana Quota na hoe ferana izay zavatra hazàna ao 	<p>15 minitra</p>	<p>amin'ny ankavia ary izay tsy manaiky dia mandeha amin'ny ankavanana. Na ireo manaiky (ENY) na ireo tsy manaiky (TSIA) dia miresaka sy mamaly ny anton'ny hanekeny na ny handavany. Atao manao débat avy eo ireo groupe ENY sy groupe TSIA</p> <p>Famintinana ireo lesona sy fampiharana izany.</p> <p>Mandamina fotoana mba hianarana ny Dina</p> <p>ASA 3: FANONTANIANA ARAHIM-BALINY:</p> <p>Dingana a: Inona no hitanareo vahaolana mba tsy hampaharitra ny harena an-dranomasina?</p>
---	--	-------------------	--

	<p>an-dranomasina ao. ohatra: Sahala ny asa fanjonoana any Canada</p> <ul style="list-style-type: none"> ■ Famerana ny fotoana hihazan'ny fokonolona manahaka ny fanaovana reserva tsy maharitra ■ Fanaovana reserva maharitra ■ Asiana refiny ny masonà'ny haratoa, tsy azo ampiasaina ny fitaovana manimba 		<p>Dingana b: Ahoana ny fahitan'ny tanora ireto:</p> <ul style="list-style-type: none"> ■ Reserva maharitra, ilaina ve? ■ Reserva horita tsy maharitra, ilaina ve? ■ Fanajana ny refin'ny harato, ny teknika fanjonona ... zava –dehibe ve? ■ Fikatonana vonjimaika na fermeture national, ilaina ve? <p>Famintinana</p>
--	---	--	---

VOKATRA ANDRASANA

- **MAHAY NY ATAO HOE ASA FIAROVANA**
- **RESY LAHATRA FA HANAO HIARO SY HITANTANA NY HARENA AN-DRIAKE MIARAKA ANATY FIKAMBANANA ...**
- **HANAJA NY DINA**

FIZARANA FAHAROA:

LESONA HO AN'NY YOUTH GROUPS

IREO LOHAHEVITRA :

1. NY ANTON'NY TETIK'ASA FAMPIANARANA TANORA
2. NY FITSIPIKA MIFEHY NY YG
3. NY TONTOLO IAINANA
4. NY FIFANDRAISANA MISY EO AMIN'NY FAHASALAMANA-TONTOLO IAINANA- MPONINA
5. NY FOMBA FANAOVANA DRAFITR'ASA
6. NY FOMBA FANAOVANA FANENTANANA
7. NY FIOVANA ARA-BATANA EO AMIN'NY ZATOVO
8. NY FANDRINDRAM-PITERAHANA
9. NY ASA FIAROVANA
10. NY VOKA-DRATSIN'NY ARETINA AZO AMIN'NY FIR AISANA
ARA-NOFO
11. NY MARINA MOMBA NY VIH-SIDA SY NY FITILIANA
12. NY FIHAZANA MAHARITRA
13. NY FAHASALAMANA EO AMIN'NY RENY SY NY ZAZA
14. NY VATOHARA SY NY ALA HONKO
15. NY FANDRAISAN'ANDRAIKITRY TANORA YG AMIN'NY MAHA
MPITARIKA.

FIVORIANA 1

NY ANTONY TETIK'ASA FANABEAZANA HO AN'NY TANORA

TANJONA:

- Handresy lahatra ireo tanora rehetra tsy an-kanavaka mba hiditra mpikambana YG.
- Mazava tsara amin'ny Fokonolona ny antony hisian'ny tetik'asa fanabeazana ny tanora ary resy lahatra ny olom-be an-tanana fa hanampy amin'ny fanetsiketsehana sy fitarihana.

FAHARETANY: 30-45 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Lakilasy na trano malalaka
- Emballages sy Markers
- Mety afaka mampiasa Projecteur koa raha misy video + Groupe electrogene

NY ANTONY HANANGANANA YG:

Araka ny hevity ny tanora maro dia ilaina ny fanabeazana satria:

- Maro ireo tanora tsy ampy taona no efa mirotsaka anaty ny firaiana ara-nofo
- Betsaka ny tanora anaty faritra amoron-driake no tratran'ny aretina azo avy amin'ny firaiana ara-nofo
- Misy tanora mbola mpianatra no mitondra vohoka tsy niriana ka tsy ho afaka hanohy ny fianarana intsony.
- Tsy tena mahalala momba ny tontolo iainana sy ny asa fiarovana ny maro.
- Tsy dia misy ny sehatra ifaneraseran'ny tanora raha tsy any amin'ny BAR ka miteraka olana maro izany toy ny fimamoana, ny fidorohana zava-mahadomelina ary ny fivarotan-tena.

Tabilao 1: Salan'isan'ny Tanora 15-24 taona manao firaiana voalohany araka ny fari-pahaizana azony.

Fari-pahaialana	Isan-jato (%)
Tsy nianatra mihitsy	27
Fanabeazana Fototra	18
Fanabeazana ambaratonaga faharoa Fototra	55

Tamin'ny fanadihadihana natao tamin'ny taona 2012-2013, dia 1,5%’ny tanora zazavavy ary 4.1%’ny Tanora zazalahy no nampiasa fimailo tamin'ny firaiana farany nataony.

Tabilao 2: Tahan'ny tanora lahy sy vavy tsy mahafantatra ireo aretina azo avy amin'ny firaiana ara-nofo araka ny sokajin-taona.

Taona	Isan-jato (%)	
	Lahy	Vavy
15-19 taona	44.3	47.5
20- 24 taona	26.4	38.5

Sources: Tetik'asa Usaid Mikolo 2017

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Sokafan'ny Prezida Fokontany ny fivoriana avy eo manazava fohy ny mpitarika fivoriana (AC)
- Atao ady hevitra ny fivoriana ary amin'ny fotoana mety tsara amin'ny rehetra.
- Mila mahazo ny lisitry ireo tanora vonona hianatra an-tsitrano isam-bolana sy tsy ho tapatapaka

FIVORIANA FAHA-2

NY FOMBA FANAMBOARANA NY FITSIPIKA IFAMPIFEHEZANA

TANJONA:

- Nandray anjara ny tanora rehetra tamin'ny fanamboarana ny fitsipika ifampifehezana.
- Atao an-tsoratra ny fitsipika ary soniavin'ny tanora rehetra anaty YG.

FAHARETANY: 30-45 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Fitsipika ifampifehezana vita pirinty
- Markers + Emballages
- Omena Kahier iray + stylo manga anaovana fiche de presence sy fandraisana an-tsoratra
- Lakilasy na trano malalaka

ANTONY HANAMBOARANA FITSIPIKA IFAMPIFEHEZANA

- Mba hisian'ny fifanajana
- Mba ho mari-potoana
- Mba tsy hisy korontana
- Mba ho modely amin'ireo izay mbola tsy resy lahatra fa hoe tsara ny YG.
- Mba hampiriindra ny fampianarana
- Mba handray anjara daholo ireo olona sasany mety ho saro-kenatra
- Mba hampandrosoana ny tanora ho olom-banona
- Mba hifampitaizana sy hamelana ny tsirairay handray anjara.
- Mba tsy ho tapaka amin'ny fivoriana.
- Mba ho afaka hametraka fanontaniana
- Mba afaka mandray anjara amin'ny lesona rehetra.
- Mba ho afaka mahalala ny hafatra tiana hambara.
- Mba ho mora ny fanaraha-maso azy ireo.

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Dingana 1: Anontonio ny tanora hoe
 - “Inona ny antony hananganana fitsipika fifampifehezana?”
 - Avelao hamoaka ny heviny ny tsirairay (adi-hevitra)
- Dingana 2: Mamintina ny hevitra voaray rehetra ny mpitarika ary mamekaka izany anaty taratasy fitsipika mifehy ny tanora.
- Dingana 3: Asaina vakian'ny mpitarika ny fitsipika mifehy ny YG ka mila manangan-tanana izay manaiky izany.
- Hajao ny faharetan'ny fotona nifanarahana ary manaova fisaorana mahafinaritra
- Omeo ny daty hanaovana fivoriana amin'ny manaraka.

FIVORIANA FAHA-3

NY TONTOLO IAINANA

TANJONA:

Aorian'ny fampianarana ny tanora dia hahay bebe kokoa mikasika ny tontolo iainana sy ny tokony hiarovana azy. Hetsika andrasana aorian'izany dia:

- Misy fandraisana anjara ny tanora amin'ny fanadiovana faobe atao hiarahana amin'ny fokonolona sy fandamina miaraka amin'ny komity an-tanana
- Miara manentana amin' ny fokonolona an-tana
- Manangona ireo fako tsy mety levona (plastika)

FAHARETANY: 40 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Fitsipika ifampifehezana vita pirinty
- Markers + Emballages
- Lakilasy na trano malalaka

LESONA AMPITANA

a. Famaritana ny atao hoe tontolo iainana

Ny tontolo iainana dia fitambaran'ny zavatra rehetra manana aina na tsy manana aina manodidina antsika. Ny zavatra manan'aina dia ny biby, ny zava-maniry ary indrindra isika olombelona. Aoka tsy hadino fa isika olombelona koa dia tafiditra ao anatin'ny tontolo iainana. Ireo rehetra tsy manana'aina koa dia azo sokajiana ho tontolo iainana toy ny rivotra, ny masoandro, ny vato ary ny ranomasina.

b. Mety miaro ny tontolo iainana ve ny fambolena hazo?

Mahasoa ny tontolo iainana ny fambolena hazo. Ny antony dia maro:

- Mitondra endrika tsara ho an'ny tanàna
- Mahatonga rivodrivotra sy alokaloka eo amin'ny tanàna.
- Manome sakafo raha toa ka hazo fihinamboa manahaka ny papay, kily, sns.
- Raha hazo maro ka tonga ala mihitsy no ambolena dia mahatonga orana eo amin'ny tanàna.

c. Manimba ny tontolo iainana ve ny fanariana plastika sy fako eny rehetra eny?

Tena manimba satria ny ranomasina koa dia ao anatin'ny tontolo iainana. Ny plastika sy ny fako tsy voajanahary dia lasa anaty ala, anaty ranomasina, hanin'ny biby (trondro sy fano) ka mampaharary azy ireo ary mety hahafaty azy mihitsy. Raha misy poizina ny fako dia mety ho tratra koa izay olona mihinana an'ireo biby ireo.

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Famaritana ny Tontolo iainana: Lalao
- Ilaina ve ny fambolena hazo: ady hevitra
- Atao ahoana ireo fako plastika isan-karazany? Drafitr'asa

FIVORIANA FAHA- 4

NY FOTO-KEVITRA « FAHASALAMANA SY MPONINA ARY TONTOLO IAINANA »

TANJONA:

- Mazava tsara amin'ny YG ny atao hoe foto-kevitra « SPE »
- Mahay tsara ry zareo ny mampifandray ny fahasalamana amin'ny tontolo iainana sy ny mpolina.
- Mahalala tsara ireo karazana tetik'asa izay tanterahin'ny Blue ventures mba ho tratra ny tanjona izay napetraka izany hoe ny fanarenana ny fihazana nentipaharazana izay tantanan'ny fokonolona ifotony ka hitarika fampandrosoana maharitra.

FAHARETANY: 60 minitra

INONA NY ASA ATAON'NY BLUE VENTURES:

Ny Blue Ventures dia

- Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana.
- Mandrisika sy manohana ny fiarovana ny tontolo iainana eo an-toerana
- Miasa amin'ireo tanana maro amoron-dranomasina sy kolontsaina maro.
- Manolo-tena hiaro ireo karazana zava-maniry sy zavaboary anaty ranomasina
- Mba hananan'ny olona asa fivelomana mahafa-po sy maharitra.

FIFANDRAISANA MISY EO AMIN'NY FAHASALAMANA- MPONINA- TONTOLO IANANA:



FAHASALAMANA	MPONINA	TONTOLO IAINANA
<p><i>Mamela mpivady handamina ny fiterahany - isa sy elanelana Fampiroboroboana ny fahasalamana'ny fokonolona</i></p>	<p><i>Fanatsarana ny velomam-po sy famoronana asa fanampiny ankoatry ny jono. Fampiroboroboana ny fitovian'ny lahy sy ny vavy</i></p>	<p><i>Fitantanana ny jono sy ny ala amin'ny fomba maharitra Fiarovana ny tontolo iainana</i></p>

IREO TETIK'ASA MISY ATO AMIN'NY BLUE VENTURES:

- **SAFIDY** (Mpanentana ara-pahasalamana sy Youth groups ary ny CSB)
- **EDUCATION** (fiantofana mpianatra sy FTMA)
- **AQUACULTURE** (Zanga -lomotse)
- **HAFA** Fiompiana Tantely- Fampiantranoana Vahiny - VOAMAMI
- **BLUE FOREST** (Ala honko sy club de conservation)
- **FISHERIES** (Reserva)

- **EXPEDITION** (Fikarohana)
- **FANATSARANA FAHAIZA-MITANTANA** (Fikambanana)

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Anontonio ny YG hoe inona ny tanjon'ny Blue Ventures?
- Anontonio ny YG hoe inona avy ny fifandraisana misy amin'ny FMT
- Mila hain'ny YG ireo tetik'asa misy ato amin'ny Blue ventures mba hampandrosoana ny fokonolona

FANAMPINY: Asio fanetsiketsehana mahafinaritra mba hampazoto ny mpanatrika

LALAO KARATRA SPE: Jereo ny lesona momba ny SPE amin'ny lesona natao ho an'ny tanora Mpitarika.

FIVORIANA FAHA- 5

NY DRAFITR'ASA IZAY ATAON'NY YG

TANJONA:

- Ho afaka manamboatra drafitr'asa isaky ny 3 volana ny YG
- Hazoto hampihatra izay ao anaty drafitr'asa ny YG

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages + Marker
- Cahier iray izay antsoina hoe « Kahie Fanentanana »

MODELY DRAFITR'ASA:

Daty	Lohahevitra	Toerana aleha	Tanjona kendrena	Paik'ady (asa hatao)	Fitaovana ilaina	Fanaraha-maso ny fanatanterahana	Ny Groupe na olona nanao ilay asa
10/03/18	Fanentanana Kapoty	BAR DAX	Fihenan'ny tanora voan'ny IST	DIO	Penis en bois sy Kapoty	Vita soa	Groupe 2
25/03/18	DINA	Ankindranoke	Mihena ny asa manimba	DAV	Boky Dina	Vita / KMD	YG
20/04/18	Fanadiovana Vovo	Bevato	Ahena ny isan'ny olona marary kibo	DAV	Savony sy Borosy ary famafa	Vita soa fa tsy ampy ny savony	Rasolo sy Refondy

Daty: Ilay fotoana hantanterahana ny asa izay efa nomanina

Lohahevitra: Mikasika ny Tontolo iainana sy Fahasalamana ary ny Fahadiovana

Toerana haleha: Ilay toerana hanaovana ilay asa

Tanjona kendrena: Ny fiovana sy ny voka-tsoa rehefa manao ilay asa.

Paik'ady (asa hatao): VAD /DIO na DAV na seho- sehatra

Fitaovana ilaina: Ireo fitaovana ilaina hanatanterahana ny fanentanana, ohatra: karinem-pantantanana, kapôty sns...

Fanaraha-maso ny fanatanterahana: Fanamarinana izay nataon'ny TM raha tena nataon'ny tanora tao anaty YG tokoa ilay asa. Ohatra hoe nanentana momba ny DINA izy ireo dia azo atao tsara ny manontany izay olona niavy teny ary apetaka ao fa vita soa na tsy vita sns...

Tompon'andraikitra: Ny olona hanatanteraka ilay fanentanana no soratana eo, mety ho ny Laeader irery io, mety koa ny Tanora mpikambana ao anaty YG

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Anontonio ny tanora: Inona no mahatonga ny YG manamboatra drafitr'asa isaky ny 6 volana
- Manao asam-bondrona manamboatra drafitr'asa: Tontolo iainana sy fahasalamana
- Manamboara drafitr'asa mianraka amin'io modely hita eo ambony io
- Atao anaty cahier ny asa vita rehetra ary alefa aty amin'ny BV isaky ny faran'ny volana.

FIVORIANA FAHA- 6

NY FOMBA FANAOVANA FANENTANANA

TANJONA:

- Mahay ny tekinika rehetra amin'ny fanaovana fanentanana
- Mandamina fotoana isan-kerinandro hanaovana fanentanana
- Mameno ny Kahie fanentanana

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Kahie Fanentanana
- Fitaovana mifandraika amin'ny lohahevitra (ohatra: Kapaoty- Penis en bois- Karniem-pahasalamana) ; Drafitr'asa

FAMINTINANA NY TEKNIKA FANENTANANA:

Ireo dingana mandritra ny VAD/DIO:

- Miarahaba ilay olona am-pifaliana
- Atomboka amin'ny resadresaka momba ny fainana andavanandro ny dinidinika
- Anontaniana ilay olona raha afaka ny hifampidinika izy.
- Ampiana ilay olona hamoaka ireo olona mahazo azy.
- Ampiasaina ny fitaovalam-penantanana mifanaraka amin'ny loha-hevitra ifampidinihina.
- Ametrahana fanontaniana ilay olona mba hilazany izay fantany mikasika ny loha-hevitra.
- Angatahana ilay tanora mba hilaza ny hafatra izay fantany mikasika ny loha-hevitra.
- Fantarina izay mety ho sakana amin'ny fiovam-pihetsika amam-panaony ary iarahana mitady ny vahaolana amin'izany sakana izany.
- Amporishihina ilay tanora hampihatra ilay fihetsika amam-panao vaovao ary apetraka ny fotoana hihaonana manaraka. Manome fitaovana fanentanana raha misy izany.
- Isaorana ilay tanora noho ny fandraisana ary manao veloma.

Ireo dingana arahana amin'ny DAV:

- Arahabaina ny tsirairay ary atao izay hahafinaritra ny rehetra eo am-piaingana
- Hazavaina tsara ny tanjon'ny dinidinika
- Fihetsika sy toe-tsaina vonona hifanasoa no aseho:
 - Amporishihina ny rehetra hametraka fanontaniana ary omena valiny avokoa
 - Aseho tsara fa liana amin'ny loha-hevitranay tena.
 - Fehezina tsara ny lohahevitra hazavaina
 - Tsy tokony ho mora tezitra mihitsy.
- Ampitaina amin'ny fomba mazava sy tsotra ny hafatra
- Hevitra iray isaky ny miteny no ampitaina
- Atao mifanentana amin'ny mpanatrika ny karazana voambolana ampiasaina
- Ialànanay filazana zavatra tsy tena tokony ilaina akory.
- Arahana ohatra mazava hatrany izay lazaina.
- Asehony ifandraisian'ny hevitra ampitaina sy ny zavatra iainan'ny mpanatrika

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Fanontaniana arahim-baliny: Inona no atao hoe fanentanana
- Manao ohatra maromaro VAD (olon-droa) sy DAV (Vondrona misy olona maromaro)
- Mampiditra anaty drafitr'asa programa fanentanana
- Miara-miasa amin'ny Komity an-toerana mba hahaizana sao misy asa fanentanana hafa ilaina atao.
- Manaova tatitra momba ny fanentanana vita izay voasoratra anaty Kahie Fanentanana

FIVORIANA FAHA- 7

NY FIOVANA ARA-BATANA

TANJONA:

- Mahay ny fiovana misy amin'ireoadolatsento ny YG
- Mahalala tsara ny fiasan'ny taovam-pananahana ny YG
- Manampy ny tovovavy momba ny fadimbolana

FAHARETANY: 90 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages + Marker
- Postera taovam-pananahana (lehilahy sy vehivavy)
- Kalandrie


FAMARITANA:

Ny Puberte dia fiovana haingana anaty fe-potoana fohy ny toe-batana eo amin'ny ankizilahy sy ankizivavy mba ialany amin'ny fahazazana ka hidirany amin'ny fahatanorana. Antsoina matetika hoe « adolatsento » izy manomboka eo fa tsy zaza intsony.

INONA NO MAHATONGA ILAY FIOVANA:



Mitombo be ny tsirim-panentana na hormonina anaty ati-doha ka mandefa izany amin'ny faritra ara-pananahana ka lasa mamokatra be ny hormonina izay antsoina hoe oestroegene (vehivavy) sy testosterone (lehilahy) ka io no manova malaky ny toe-batan'ilay adolatsento.

IREO KARAZANA FIOVANA MISY AMIN'NY ADOLATSENTO:




NY FOMBA FIASAN'NY TAOVAM-PANAHANA (Appareil genital) :

VEHIHAVY



- **VAGIN** : ampiasana rehefa manao firaisansara ara-nofo sy rehefa hiteraka.
- **UTERUS** : tranon-jaza izay ipetrahan'ny zaza.
- **TROMPES** : Misy fantsoana roa ankavia sy ankavanana izay lalan'ny tsirin'aina vavy
- **OVAIRES** : kitapo roa ankavia sy ankavanana izay iforongan'ny atodin'aina vavy. Mamokatra atody iray isam-bolana izy io manomboka anatyadolatsento ny vehivavy.
- Ahitana ny grandes levres et petites levres.
- Misy lavaka roa, ny iray hivoahan'ny amany (Méat urinaire) sy iray hafa fanaovana firaisansara ara-nofo (début du vagin).
- Ahitana ny clitoris, izay nofo kely tena manaitaitra ny vehivavy rehefa kitihina
- **ANUS** : Lava-body izay natao hivoahan'ny maloto.
- **Le col de l'utérus** : Faritra anaty tranon-jaza izay mamokatra ny muqueuse ka maha ela velona ny tsirin'aina lahy. Eto koa ny sperme na tsirin'aina lahy no miditra mba hihaona amin'ny atodin'aina vavy ka mitambatra ary miforona ho

LEHILAHY



URETRE : Handehanan'ny ranon'aina sy ny amany

PENIS : filahiana hita aty ivelany ary ampiasaina rehefa manao firaisansara ara-nofo. Tsy mitovy ny halavany sy ny habeny amin'olona.

TESTICULES : Ireo voany roa ambany filahiana ; misy miantsio azy hoe **boules** na les **gosses**; Toerana hiforongan'ny ranon'aina na spertmatozoide.

SCROTUM : Le kitapo mandrakotra ny testicules; Manome ny hafanana ilain'ny testicules mba hamokarana ny spermatozoides. Hafanana izay ambany kokoa raha ampitahaina amin'ny vatana.

Misy fotoana mety hibontsina be raha misy spermatozoides betsaka na mety hihena koa indraindray.

NY MARINA MOMBA NY FADIMBOLANA:

- **Ny atao hoe FADIMBOLANA:** ilazana ny rà na lio avy amin'ny tranon-jaza mivoaka isam-bolana eo amin'ny vehivavy manana toe-pahasalamana aradalàna ka tsy bevohoka ka mety haharitra mandritry ny 7 andro.
- **Valin'ireo fanontaniana mifandray amin'ny fadimbolana:**

FANONTANIANA	VALINY
MAHARITRA FIRY ANDRO NY FADIMBOLANA ?	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy voatery hitovy ny an'ny tsirairay, fa amin'ny ankapobeny 3 andro ka hatramin'ny 8 andro. - Ny lio very dia tsy tokony hampahatahotra ary tsy misy fiantraikany ara-pahasalamana fa voajanahary.
AHOANA NY HAHAIZAKO MIKAJY NY REGLE ?	<ul style="list-style-type: none"> - Amin'ny regle voalohany indrindra dia tena mbola tsy hainao ny fiaviany. - Amin'ny fotoanaadolatsento koa dia mbola miovaova ny faharetany. - Fa rehefa lasa tanora dia efa tsy miovaova intsony izy io ka azo atao ny mikajy soa azy. - Tsingerina iray dia manomboka amin'ny andro voalohany amin'ny fadimbolana ary mifarana amin'ny iray andro mialohan'ny fadimbolana manaraka. - Misy ohatra 23 andro ny faharetany;; misy indray 28 andro ; na koa 32 andro.
INONA NO ATAOKO REHEFA REGLE AHO?	<ul style="list-style-type: none"> - Afaka mampiasa "Serviette hygienique" kanefa fonosy taratasy izay efa nampiasaina ary ario anaty lava-pako na dorana. - Afaka mampiasa lamba tokam-bolo na chiffon jaune fa ataovy somary matevina sy malefaka ary mitroka ny hamandoana - Soloy isaky adiny 2 na 3 rehefa feno lio ny lamba na serviette hygienique. - Raha handeha hianatra dia azo atao ny mitondra atao anaty sachet plastique ary azonao soloina izany
AHOANA NO HIATREHAKO NY FADIM-BOLANA VOALOHANY ?	<ul style="list-style-type: none"> - Miresaha amin'ny olon-dehibe: ny reninao, ny rahavavy, nenitoa, renibe, AC, na vehivavy namana efa lehibe. - Aza matahotra, mety manaitra ny mahita ny ra eo amin'ny silipo nefo ara-dalana sy voajanahary izany. - Raha any an-dakilasy ianao dia mitenena amin'ny mpampianatra vehivavy fa hanampy anao izany. - Mifalia fa mivoatra ny vatanao ary ho lasa tena vehivavy ianao.
FOMBA HIPETAHAN'NY LAMBA TSARA AO ANATY SILIPO ?	<ul style="list-style-type: none"> - Avalona tsara ny lamba - Atao lavalava tsara aloha sy ny aorianama tsy hisy tasy ny akanjo - Atao silipo iray antonina tsara mba tsy hihetsika ny lamba - Azonao atao ny manao short anaty zipo raha tianao
AHOANA NY HANAOVAKO NY LAMBA NA SERVITTE HYGIENIQUE AVY NAMPIASAINA ?	<ul style="list-style-type: none"> - Raha nampiasa serviette hygienique ianao dia tokony ho fonosina taratasy izany izay vao ariana anaty lava-pako ay azonao dorana izany rehefa avy eo. - Raha mampiasa lamba ianao dia ataovy anaty harona plastique

	mandra-panaiovana azy. Azonao sasana amin'ny rano sy savony ilay lamba, atapezo amin'ny taratry ny masoandro ary pasohy mba ho azo ampiasana amin'ny manaraka koa sy arapahasalamana
AHOANA NO HANDIOVAKO NY TENAKO MANDRITRA NY FADIMBOLANA ?	<ul style="list-style-type: none"> - Isan'andro (maraina sy hariva), sasao amin'ny savony fandroana sy rano ny faritry ny fivaviana. - Hamaino amin'ny lamba ny fivaviana ary asio lamba vaovao na serviette hygienique vaovao anaty siliponao. - Alamino sy asio toerana soa ny lamba mbola tsy nampiasaina.
AHOANA NO ATAOKO REHEFA MARARY KIBO MANDRITRA NY FADIMBOLANA ?	<ol style="list-style-type: none"> 1. Azonao asiana rano mafana ao anaty tavoahangy na ny lamba ary apetraho eo amin'ny abany foitra rehefa mipetrapetraka ianao. 2. Azonao atao ny manao fanatanjahan-tena na mampiasa vatana 3. Azonao atao ny mihinana fanafody isaky ny adiny 4 ka hatramin'ny adiny 6 rehefa tena maharary 4. Azona atao ny misotro dite na rano mafana

ARA-DALANA VE RAHA ...?

RAHA TSY TONGA ISAM-BOLANA NY FADIMBOLANA ?	Eny, rehefa mitombo ny vatan'ny vehivavy dia indraindray tsy tonga ara-dalana ny fadimbolana fa mety mandingana volana iray
RAHA MAHARITRA 2 ANDRO NY FADIMBOLAKO INDRAINDRAY AY 5 ANDRO AMIN'NY FOTOANA HAFA ?	Eny, samihafa ny fadimbolan'ny vehivavy tsirairay ary mety hiovaova ny faharetan'ny fadimbolana mandritra ny ny fitomboana. Ankapobeany ny faharetany dia 5 andro kanefa mety hiova 2 andro ka hatramin'ny 7 andro izany arakaraky ny olona.
RAHA INDRAY ANDRO NY LIO MANDEHA BE NEFA ANDRO HAFA TOA KELY AVAO ?	Eny, misy andro mahabetsaka ny lio ary ny faharetan'izay dia arakarak'ilay vehivavy tsirairay
RAHA MIOVA NY DATIN'NY FADIMBOLANA ISAM-BOLANA?	Eny, matetika dia maharitra 28 andro ny tsingerim-bolana iray nefo mety miova anelanelan'ny 21 ka hatramin'ny 35 andro izany fa arakaraka ny vehivavy
RAHA TONGA FADIMBOLANA NY VEHIVAVY NEFA MBOLA KELY, OHATRA 9,10 NA 11 TAONA ?	Eny, misy elanelam-potoana lava mety hahatongavan'ny fadimbolana voalohany, eo amin'ny faha 8 na 9 taona ka hatramin'ny 17 na 18 taona izany. Arakaraka ny vehivavy tsirairay izany
RAHA MAHARARY NY NONO REHEFA MITOMBO ?	Eny, satria mitombo ny vatan'ny vehivavy noho izany mao ireo zavatra miova ao anaty ary mety manaintaina kely. Voajanahary izany.
RAHA MAHARARY NY KIBO MANDRITRA NY FADIMBOLANA?	Eny, ny fanaintinan'ny kibo (crampes) dia avy ao ambany foitra mety miseho aloha na mandritra ny fadimbolana.Ny Kibo marary kely dia tsy maninona nefo kosa raha tena marary be dia tsara raha manantona toeram-pitsaboana.
RAHA TSY MISY FADIMBOLANA NY LEHILAHY?	Eny, hafa ny taovam-pananahan'ny lehilahy fa tsy mitovy amin'ny an'ny vehivavy. Tsy afaka hitondra vohoka ny lehilahy ka noho izany dia misy fadimbolana.

RAHA MAHATSAPA MENATRA REHEFA TONGA NY FADIMBOLANA ?	Eny, maro ireo vehivavy mahatsapa henatra satria mbola tsa mahazatra ny tonga fadimbolana. Voajanahary izany, fa rehefa miha lehibe dia mihena ny henatra.
RAHA NY VEHIVAVY SASANY MAHATSAPA KIZITINA NA MALAHELO REHEFA TONGA NY FADIMBOLANA ?	Eny, satria ny tsirim-panentana dia miasa manerana ny vatan'ny vehivavy mandritra ny fadimbolana ka miteraka fiovana arapihetseham-po
RAHA MISY MONY MANDRITRA NY FADIMBOLANA ?	Eny, ny ankamaroan'ny tovovavy sy ny vehivavy no lasa misy mony mialoha na mandritra ny fadimbolana.
RAHA TSY MENA FOANA NY LIO MIVOAKA ?	Eny, mandritra ny fadimbolana, ny lio dia mety misy loko hafa, ohatra mena antitra na mena matsatso na volo-tsokola.
RAHA MISY LIO MIVAINGANA MIVOAKA INDRAINDRAY ?	Eny, ara-dalana ny lio mivaingana rehefa fadimbolana. Matetika rehefa mandry ka miarina no mety ahitana izany bebe kokoa.
RAHA MISY TSIRANOKA FOTSY ALOHA NA AORIANA NY FADIMBOLANA ?	Eny, rehefa manomboka mitombo dia indraindray misy tsiranoka mitovy amin'ny tapotsin'atody mivoaka amin'ny mivoaka amin'ny fivaviana, ara-dalana izany. Nefa tsy tokony misy loko hafahafa (oh : mavo, maintso, na fotosy be...) na misy fofona. Tokony tsy manaintaina na mangidihidy ihany koa ny fivaviana amin'izany. Raha misy ireo fambara ireo dia ilaina ny manatona mpitsabo haingana
RAHA TE-HIHINANA SAKAFO MARIKIVY NA MAMY NA/ ARY TE- HANDOA MANDRITRA NY FADIMBOLANA ?	Eny, satria ny tsirim-panentana dia miasa manerana ny vatan'ny vehivavy mandritra ny fadimbolana ka mety mahatonga ny vehivavy te-hihinana sakafo karazany sasany na koa lasa mora maheno fofona ka izany no mahatonga ny vehivavy te-handoa.

MARINA SA DISO

1- Azo atao ny mandeha any antsekoly ary manao fanatanjahan-tena mandritra ny fadimbolana	Marina	Tsy midika hoe marary ny fahatongavan'ny fadimbolana. Voajanahary io ary tokony tohizana ny asa andavanadro sady afaka manao fanatanjahan-tena.
2- Tsy mahazo mandro mandritra ny fadimbolana	Diso	Zava-dehibe ny mandro matetika mandritra ny fadimbolana mba hisorohana ny fofona maimbo sy ny mikroba
3- Raha mihetsika mafy ianao (mandihy- mitsambikina - mihazakazaka...) dia lany ny lio anaty kibonao	Diso	Ny Lio amin'ny fadimbolana dia tsy avy amin'ny kibo, fa avy amin'ny lalan-dra ao amin'ny tranon-jaza, ary tsy miankina amin'ny asa ataonao ny fandehananan'ny lio.
4- Maloto ny vehivavy rehefa tonga ny fadimbolana	Diso	Ny fadimbolana dia voajanahary ary ny vehivavy rehetra dia misy azy.
5- Ny Ray na anadahy dia tsy tokony mahalala rehefa tonga fadimbolana ianao	Diso	Ny lehilahy dia mahafantatra fa ny vehivavy rehetra dia tonga fadimbolana. Tsy tokony ho menatra ianao raha fantatry ny ray na ny anadahiniao fa tonga fadimbolana ianao.

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana :

- Fiovana ara-batana: Atao fanontaniana sy dinidinika mahafinaritra
- Fiasan'ny taovam-pananahana: Hamoronana lalao sy postera mba handray soa ny rehetra
- Fadimbolana: Manao ady hevitra
- Ampiasao ny tabilao rehefa misy fanontaniana mifandray amin'ny fadimbolana

NY FOMBA FANDRINDRAM-PITERAHANA

TANJONA:

Natao hanampiana ny tanora hahalala tsara ny momba an'ireo karazana FFP sy ny fomba hampitana azy amin'ny tanora hafa eo an-tanana. Aorian'ity lesona ity ny tanora tsirairay dia:

- Afaka mitanisa ny karazana fandrindram-piterahana
- Resy lahatra ny soa entiny ary mahay manao safidy.
- Mahay manentana ireo tanora namany.

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA: Marqueur- Fisy tekinka- Santionany FFP

FAMPIANARANA FOMBA FAMPIASANA KAPAO TY:

- Inona ny asan'ny Kapaoty
- Fomba hisafidianana kapaoty tsara? aiza no ahitana azy?
- Manino no ilazana fa karazana FFP ny kapaoty?
- Inona anefa ny fitandremana mila jerena rehefa mampiasa kapoty?

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- ASA IARAHANA MANAO:
 - Mizara groupe ahitana olona telo na mihoatra
 - Manao dinidinika momba ny: karazana fandrindram-piterahana fantany; Inona no mahatsara ary inona mety disadisa aminy.
 - Samy mampiseho ny asa vitany ny groupe tsirairay.
- ADY HEVITRA:
Inona ny karazana FFP, tena mety tsara ho an'nyadolantsento ny mampiasa azy? Fa inona ny antony? Inona ny fanazavana tena ilaina omena ny tanora momba ny FFP?

IREO KARAZANA FOMBA FANDRINDRAM-PITERAHANA:

KARAZANY	FAMARITANA	FOMBA FIASANY	TOMBOTSOANY	LAFIRATSINY
PILINA ATELINA (92%)	Pilina atelina aamin'ny ora mitovy isan'andro ao anaty ny 28 andro	Manakana ny tranon-jaza tsy hamoaka atody isam-bolana. Mampatevina ny hoditry ny fantson'ny vehivavy hitazona ny tsirinaina tsy hikasika atody. Mampanify ny hoditry ny tranon-jaza mba tsy handraisany atody vanona.	Miverina avy hatrany ny fahafahana miteraka raha vao mijanona Manala ny fanaintainana mitranga mandritr ny fadimbolana Mampihena ny mony ho an'ny vehivavy sasany. Miaro amin'ny aretin'ny tranon-jaza.	Tsy maintsy atelina isan'andro ka mety adino ny mihinana azy Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaiana ara-nofo Mety mampisalebolebo na mampaharary andoha Mety hampitombo na hampihena ny lanja Mety misy ra na lio kely mandehaanelanelan'ny fadimbolana
TSINDRONA (97%)	Atsindrona isaky ny 3 volana ary miaro ny vehivay tsy ho bevohoka mandritry ny 12 herinandro	Misakana ny fivoahan'ny atody na tsiry vavy Manatevina ny tsiranoky ny vozon'ny tranon-jaza	FFP maro mampiasa sady mahomby Maharitra 3 volana Afaka ampiasaina amin'ny vehivavy mampinono rehefa feno 6 herinandro ny zaza	Mety mampihena na mampitombo ny vatana Mety ho misy fahatarana kely rehefa mijanona ny tsindrona vao miteraka Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaiana ara-nofo Mety hitsahatra ny fahatongavan'ny fadimbolana raha mitohy maharitra ny fampiasana azy
KAPAOTY NA FIMAILO (79%)	Ny Kapaoty dia FFP vita amin'ny plastika manify mihosotra menaka, ampiasaina isaky ny manao firaiana ara-nofo ka kapaoty iray isaky ny firaiana	Manakana ny tsrin'aina lahy tsy ho any amin'ny taovam-pananahann'ny vehivavy	Miaro amin'ny vohoka tsy iriana raha arahina tsara ny fomba fampiasana azy Miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaiana ara-nofo sy ny tsimok'aretina VIH/SIDA	Mety ho rovitramandritra ny firaiana Tsy maintsy eritreretina isaky ny hanao firaiana sady manelingelina ny firaiana Tsy maintsy atao vonona isaky ny manao firaiana Allergie amin'ilay plastika ny sasany Mila mahay mampiasa azy tsara
MAMA (98%)	Nonon-dreny fotsiny no omena na andro na alina Raha mbola latsaky enim-bolna ny zaza	Misy tsirim-panentana mivoaka amin'ny alalan'ny	Azo ampiasaina avy hatrany raha vao teraka Tsy manakana ny fanaovana firaiana	Mihena miandalana ny fiasany arakaraka ny handrosoan'ny fotoana

	Mbola tsy niverina ny fadimbolana	fampinono-andreny izay manakana ny vakintsiry	Tsy mandany vola Tsy misy voka-dratsy Sakafy ara-pahasalamana sy madio kokoa ho an'ny zaza Miaro ny zaza amin'ny aretin-pivalanana sy areti-mifindra hafa	Tsy miaro ny reny amin'ny VIH/SIDA Mety hampifindra ny VIH avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza Tsy tena miaro ny vehivavy tsy ho bevohokaintsony rehefa afaka enim-bolan Tsy dia mety loatra ho an'ny vehivavy miasa (tsy manana fotoana firy ampinonona)
VAKANA NA ROJO	Fepetra: <ul style="list-style-type: none">• Manana tsingerimbolana 26 – 32 andro• Mpivady mifanaiky fa tsy hanoa firaisansa rehefa tonga eo amin'ny vakana fotsy• Efa nisy fadimbolana efatra misesy farahakeliny ary eo anelanelan'ny 26 sy 32 andro ny tsingerimbolana	Ahafantaran'ny Mpivady ny fotoana maha lonaka ny vehivavy ka hanampy azy ireo hisoroka vohoka na koa hisafidy fotoana tsy hanao firaisansa ara-nofo na hampiasa Kapaoty	Matrika ny fífandraisian'ny mpiavady Fomba mora hianarana Tsy mihinana na mampiasa fanafody	Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisansa ara-nofo na VIH/SIDA Manahirana ny mampiasa azy satria afindra isan'andro Mila fandraisana antanana manokana raha vehivavy vy niteraka, vehivavy mampinono ; tovovavy vao tonga fotoana ; vao haingana no nampiasa FFP Hafa ; Efa akaiky ny fitsaharam-potoana
DIU (99%)	Fitaovanakely plastika apetraka ao anaty tranon-jaza maharitra hatramin'ny 10 taona	Manakana ny fihaonan'ny tsirinaina lahy sy vavy mba tsy hisian'ny vohoka	FFP tsy mila fandidiana Azo esorina amin'ny fotoana itiavana az raha tsy te hiteraka Tsy mila fiverenana matetika any amin'ny tobim-pahasalamana	Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisansa ara-nofo Mety mandeha be ny fadimbolana amin'ny voalohany fa mihena tsikelikely ao anaty ny herintaona
	ADY AMIN'NY TSAHO	Ilay tadikely amin'ny DIU iny mety manelingelina rehefa manao firaisansa ara-nofo.	<i>Malefaka ilay tady ary mipetaka amin'ny lalan-jaza ; tsy heno mihitsy rehefa manao firaisansa</i>	
		Ny DIU dia mandehandeha eran'ny vatan'ilay vehivavy	<i>Tsy misy lalana ivoahany avy ao amin'ny tranon-jaza ; mpiasan'ny fahasalamana ihany no afaka manala ny DIU anaty tranon-jaza.</i>	

		Ny DIU dia mahasampona ny zaza rehefa miteraka	<i>Tsy mbola nisy porofo hatrizay momba izany ary tsy mbbola nisy olona nilaza izany tamin'ireo olona rehetra izay nampiasa ny DIU sady mifanohitra fa afaka miteraka milamina tsara raha vao nesorina ny DIU.</i>	
IMPLANT (99,5 %)	Fitaovana kely toy tahon'afokasoka asisika ao an-tsosokoditra eo amin'ny sandry ; maharitra 3 taona	Mamoaka tsirim-panentana miaro mba ahatonga ny vehivavy tsy ho bevohoka	Fomba mahomby sy tena tsara Azo esorina amin'ny fotoana rehetra tiana hiterahana Tsy miverimberina eny amin'ny tobim-pahasalamana	Tsy miaro amin'ny aretina azo amin'ny firaisansara ara-nofo Miovaova ny fandehan'ny fandehan'ny fadimbolana mandritry ny herintaona ampiasaina azy
	ADY AMIN'NY TSAHO	Mety mandehandeha eran'ny vatana ny implant	<i>Tsy mandeha eran'ny vatana izany ny implant, tsy mbola nisy an'izany mihisy hatrizay</i>	
		Met hahatonga ny homamiadana ny implant	<i>Tsy mbola nisy porofo manamarina fa mahatonga ny homamiadana ny implant</i>	
		Tsy azo avela ela be ao amin'ny tanana ny implant	<i>Izany mihitsy, marina tokoa izany rehefa lany ny heriny tapitra 3 taona dia tsy maintsy esorina ilay implant ary afaka mampiditra vaovao indray.</i>	
VASECTOMIE SY LIGATION (100%)	FFP indray mandeha tsy miverina, mandalo fandidiana rehefa hanao azy	Ny fanaovana ny fandidiana dia tsy mampihaona ny tsirin'aina lahy sy vavy	Fomba tena mahomby miaro amin'ny vohoka tsy irina madrakizay Tsy manelingelina amin'ny filana ara-nofo Tsy misy voka-dratsy maharitra	Ho an'ny Lehilahy natao fandidiana: mila mampiasa kapaoty telo volana aorian'ny fandidiana Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisansara ara-nofo.
	ADY AMIN'NY TSAHO	Ny vehivavy naao fandidiana dia lasa marary lava na tsy afaka miasa	<i>Afaka miasa tsara ny vehivavy avy natao fandidiana ary tena salama tsara</i>	
		Ny Lehilahy na Vehivavy dia lasa tsy manana faniriana ara-nofo intsony taoairn'ny fandidiana	<i>Ny Famatorana na fandidiana ny fantsona ny tsirinaina dia tsy misy vokany hafa afa-tsy fanakanany ny tsirin'aina lahy tsy hihaona amin'ny tsirin'aina vavy</i>	

FIVORIANA FAHA- 9

NY ASA FIAROVANA

TANJONA

Aorian'ny fampianarana, ny tanora dia mahay ny mombamon'ny fikambanana eo amin'ny faritra misy azy.

FAHARETANY: 40 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages + markers
- Masking tape

LESONA AMPITANA:

Ahoana no niantombohan'ny fikambanana teto aminareo.

Fahitan'ny fokonolona fa mihalany ny harena an-dranomasina.

Inona avy ireo fomba fiarovana ny tontolo iainana ataon'ny fikambanana misy eo amin'ny faritra?

Ireo fepetra noraisin'ny fokonolona sy ny Fikambanana hitantanana maharitra ny fihazàna sy hiarovana ny tontolo iainana dia ireto avy:

- Fametrahana Dina hifehy ny fihazàna ary fametrahana fepetra ho fanaovana ny fanaraha-maso.
- Fametrahana reserva maharitra
- Fanampiana ireo tanàna izay manao reserva horita tsy maharitra atao isan-tanàna
- Fanaovana fihazana maharitra.

Inona no antony nananganana ny fikambanana?

Hitan'ny fokonolona ny maha zava-dehibe ny tokony hiarahana mitantana ny harena andriaka

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Zaraina tarika roa ireo tanora ary ametrahana fanontaniana hoe: Inona no fomba ataon'ireo fikambanana anatanterahana ny asa fiarovana?
- Omena 10mn ny tarika hanaovany dinidinika miaraka ary rehefa vita izany dia misy solontena mitondra ny tatitra eo amin'ny olona rehetra. Afaka misy olona solontena roa na telo tonga eny aloha manao ny "présentation" ho an'ny rehetra. Omena 5mn eo ho eo ny solontena hanao "présentation" eny aloha.
- Ny TM no manampy arakaraky ny fanampim-panazavana etsy ambany.

FIVORIANA FAHA- 10

NY ARETINA AZO AVY AMIN'NY FIRAISSANA ARA-NOFO SY NY FIAROVANA AZY

TANJONA

- Mahalala ireo karazana aretina azo avy amin'ny firaissana ara-nofo tsy voaaro
- Ny Fiarovan-tena tokony atao mba tsy ho tratrany

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages/ Markers
- Poster + Penis en bois

IREO KARAZANA ARETINA FAHITA MATETIKA :

IST	SARY	FISEHONY/ SORITRARETINA	FISOROHANA AZY
ANGATRA NA VANIA NA SOLOPISO	  	<ul style="list-style-type: none"> Misy tsiranoka mivoaka eo amin'ny filahiana sy ny fivaviana, fanaintainana andamosina na ambany vania ho an'ny vehivavy. Fanaintainana na mande ha rà aorian'ny firaissana. Misy nana ny mason'i zaza eo ampiterahana. Mety tsy hisy soritr'aretina. 	Fampiasana fimailo. Fiarohana amin'ny olona tokana tsy miovaova. Fandehanana haingana any amin'ny Hopitaly.
VOTSY NA HERPES /CHANCRES MOU	   	<ul style="list-style-type: none"> Misy votsy mivongambona maro manodidina ny faritry ny fivaviana na filahiana sy amin'ny mety amin'ny vody koa. 	Fampiasana fimailo. Tsy manao firaissana ara-nofo mihitsy raha tsy efa sitrana aorian'ny fitsaboana

FARASISA NA TETY NA SYPHILIS		<ul style="list-style-type: none"> Misy bay iray na maromaro eo amin'ny filahina na fivaviana, • fivontosan'ny atoditarimo eo anelanelam-pe • Mety hisy fery mivonto maromaro koa. 	Fampiasana fimailo. Fitsaboana maika any amin'ny CSB na Hopitaly
VIH		<ul style="list-style-type: none"> Tsy misy soritraretna. • Fivontosana manontolo ny atoditarimo, fanaviana maharitra, fisian'ny body amin'ny hoditra, fihenan-danja, sns. 	Fampiasana fimailo. Fampiasana fitaovana voadio Tsy misy fitsaboana. Ny Fanafody ARV na Antiretro viral manampy amin'ny tsy hiovaovan' ny herin'ny virus sy manalava ny andro iainana.

IREO FOMBA EFATRA MBA HIAROVAN-TENA AMIN'NY IST ANTSOINA HOE « 4 F »:

- **FIFEHEZAN-TENA** (tsy ny manao firaiana ara-nofo)
- **FIMAILO** (mampiasa Kapaoty)
- **FIFANAJANA** (Mitazona olona iray ihany)
- **FITILIANA** (manao fizahana ny lio na ra)

FA INONA NY ANTONY AMPIASANA NY FIMAILO NA KAPAOTY:

- Mba ho voaaro ny firaiana ara-nofo ka tsy hamindra ireo ranon-javatra toy ny lio na ra, ny tsiranoka avy ao amin'ny fivaviana ary ny tsirinaina amin'ny ilay olona hiarohana
- Manakana ny vohoka sy ireo tsimok'aretina azo avy amin'ny firaiana ara-nofo koa ny kapoty.
- Aleo mampiasa kapaoty foana rehefa miaraka amin'ny olona iray izay tsy fantatra ny toe-pahasalamany ary na dia hita fa salama aza izy.
- Ny olona iray mitondra ny tsimok'aretina koa dia mety tsy ahitana fambara aty ivelany ka mety ho voafitaka raha tsy mampiasa kapaoty

FAMALIANA IREO FANOHERANA MOMBA NY KAPAOTY:

Ny mety hevity ny Mpanohitra	Mety azonao hamaliana azy ireo
<i>Tsy mahita fahafinaretana ; sahala amin'ny olona mihinana bonbon misy fonony ...</i>	Marina fa mihena ny tsirony fa jereo kosa fa efa lasa manify ny plastika amin'ny kapaoty ankehitriny ary rehefa zatra dia mitovy ihany.
<i>Haiko ny fahasalamako fa tsy marary aho ary efa ela za no tsy niaraka tamin'ny olona an !!</i>	Misaotra, za koa tsy marary fa tsara amiko raha mampiasa kapaoty isika mba hitohizan'ilay fahasalamana aminao sy amiko.
<i>Mety ho ela be vao vita leizy sady mety ho lasa tsy ho taitaitra koa enao.</i>	Afaka ampidiriko ilay izy dia mba mahita tsirony ianao ka veitvety izy amin'izay
<i>Tena sarotra sady mahamenatra ahy !!</i>	Eny, ekeko izany fa rehefa mampiasa kapaoty tsika dia misoroka loza maro !!
<i>Amin'ity indray mandeha ity tsika no tsy mampiasa fa afara mampiasa foana amin'izay</i>	Tsy mifidy andro ny aretina ka mila mailo lalandava noho izany ampiasaiko ny kapaoty
<i>Tsy misy kapaoty amiko aty !!</i>	Za misy satria tsy misaraka amiko ny kapaoty
<i>Fomba nentin'ny vazaha ny kapaoty fa tsy fombantsika gasy hattrizay e!!</i>	Fa tsy aretim-bazaha ny IST sy SIDA fa misy azy na dia tsika gasy aza
<i>Tsy nampiasa kapaoty enao taloha dia izao vao misy manery hampiasa ...</i>	Marina izany satria tena manampy ahy tsy ho azon'ireo areti-mandoza IST sy SIDA ny kapaoty

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Fanontaniana arahim-baliny: Inona no atao hoe IST? Inona iaby ny karazany?
- Inona koa no mahatonga azy? Ary inona no fiarovana atao?

FIVORIANA FAHA- 11

NY MARINA MOMBA NY VIH/SIDA

TENY FAMPIDIRANA:

40 000 ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH tamin'ny taona 2015. Noho izany, Ny tahan'ny SIDA dia tombanana amin'ny 0,3%, saingy hatramin'izao, maro amin'ireny olona ireny no tsy fantatra, satria miafina ny ankamaroan'izy ireo,' hoy ny *Dr. Harivelo Andrianaina, sekretera mpanatanteraky ny CNLS*. Vokatr'izany dia ny **1828** amin'izy ireo ihany no mijery akaiky ny sampandrahaharam-pahasalamana mifandraika amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka. Amin'ny teny hafa, ireo olona rehetra ireo ihany no mandray soa avy amin'ny fitsaboana amin'ny VIH. Noho izany, ny toedraharaha mifandraika amin'ny fifindran'ny otrik'aretina SIDA dia tsy vitan'ny hoe mampatahotra an'i Madagasikara, fa sarotra ihany koa ny fisian'ny olona maro izay mandositra ny fitsaboana. 'Noho izany, dia mbola mety ho maro kokoa no miaina miaraka amin'ny virosy SIDA, nefo mety tsy mahafantatra satria tsy mazoto manao fitiliana. Ny loza ateraky ity aretina ity dia **avo dia avo** eto amin'ny firenentsika.

Ary vao haingana, ireo tanora eo anelanelan'ny 15 sy 24 taona dia miha-mitombo hatrany koa ny mety ho fahasimbana noho ny tsy fahampian'ny fahalalana mikasika ny fomba fifindran'ny aretina. Na izany aza, misy antony tokony hatahorana ny fiparitahan'ny SIDA eo amin'ny firenena raha tsy misy fepetra ampy. **Tanjona iraisam-pirenena ny hanafoana ny tsimokar'aretina VIH amin'ny taona 2030** izany hoe afaka 12 taona any aoriania.

TANJONA:

Ao aorian'ity lesona ity ny tanora tsirairay dia tokony hahay:

Ny fahasamihafan'ny VIH/SIDA

Ny fisehoany

Ny fomba fifindrany

Ny fiarovana tokony atao.

FAHARETANY: 45 minitra

FITAOVANA ILAINA:

Emballages /Markers + Taratasy fotsy + Stylo /Masking tape / Depliant

NY MAHA SAMIHAFA NY IST SY VIH ARY NY SIDA:

IST	VIH	SIDA
I = Infection (Aretina) S= Sexuellement (firaiana ara-nofo) T= Transmissible (Mifindra)	V =Virus (Tsimok'aretina) I = Immunodeficiency (Mampihena ny hery fiarovana) H= Humaine (Vatan'olombelona)	S= Syndrome (Fitambarana soritr'aretina) I= Immuno (Hery fiarovana) D= Deficiency (fihenana) A = Acquise (tafiditra amin'ny tenan'olombelona)
Aretina azo avy amin'ny firaiana ara-nofo tsy voaaro	Tsimok'aretina miady amin'ny hery fiarovana ao amin'ny tenan'olombelona, ka mampihena na mamono tanteraka azy ireo raha tsy voakarakara ara-panafody ara-potoana	Fitambarana soritr'aretina maromaro ateraky ny fihenana 'ny hery fiarovana ao amin'ny tenan'olombelona vokatry ny fanafihan'ny tsimok'aretina VIH

Sources: Brochures IST/VIH & SIDA navoakan'ny CNLS

AIZA NO AHITANA NY TSIMOK'ARETINA VIH:

1. Ao amin'ny Ranon'ainan'ny Lehilahy
2. Tsiranoky ny vehivavy
3. Ra na Lio
4. Nonom-behvavy

AHOANA NY FOMBA FIFINDRANY?

Misy fomba maro samihafa no ifindran'ny tsimok'aretina VIH:

- Ny firaiana ara-nofo tsy voaaro amin'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH
- Amin'ny alalan'ny ra na lio:
 - o Any amin'ny toeram-pitsaboana (fanindomana na fitaovana maranitra tsy voadio ara-dalàna; famindrana ny lio na taovan'ny olona misy VIH
 - o Fampiasana fitaovana maranitra nampiasain'ny olona misy VIH (fanjaitra, hareza...)
 - o Fomba amam-panao mampiasa lio (fati-dra, famorana faobe, tombo-kavatsa ...)
- Reny bevohoka mamindra amin'ny zaza vao teraka (fampinonona ...)

INONA IREO ZAVATRA TSY MAMPIFINDRA NY VIH :

- Kaiktry ny bibikely (moka, parasy...)
- Fifandraisian-tanana
- Fifamihinana na fifanorohana
- Fiaraha-misakafo amin'ny fitaovana iraisana
- Fiarahana birao na firaiana kabone na dosy sns...

Tsy mifindra amin'ny fifaneraserana andavanandro ny VIH.

IREO LAKILEN'NY FANDRESENA NY VIH/SIDA:

1. **Tsy manao firaiana ara-nofo** mihintsy indrindra ho an'ireo izay mbola tsy ampy taona sy mpianatra
2. **Mitazona olona iray** ihany ary tsy mivoava.
3. **Mampiasa kapaoty** na fimailo isaky ny hanao firaiana ara-nofo satria sady miaro amin'ireo aretina IST/VIH izany no sa misoroka ny vohoka tsy nirina.
4. **Manao fitiliana lio** na ra eny amin'ny tobim-pahasalamana misy an'izany. Marihina fa tena tsiambaratelo ny valin'ny fitiliana ary manampy amin'ny fihenana'ny olona mety ho mbola ho voany.

5. **Tsy mampiasa fitaovana maranitra tsy voadio** (lames-hareza- seringue...). Ohatra: Malaza ankehitriny ny fanaovana tombo-kavatsa na kavina sy fanisiana tatoage kanefa raha tsy misy fitandremana dia tena mampifindra ny VIH&SIDA haingana io fomba io raha sendra fitaovan'ny olona mitondra io tsimok'aretina io no hampiasaina ho an'ny hafa.
6. **Tsy manao fampidiran-drà tsy vita fitiliana** na fanamafisana tamin'ny mpitsabo

IREO TSARA HO FANTATRA MOMBA NY FITILIANA:

FANONTANIANA	VALINY
Inona no atao hoe « Fitiliana »	Fizahana raha mitondra tsimok'aretina VIH na tsia amin'ny alalan'ny lio na rà
Nahoana no manao fitiliana	Ahafantarana raha misy tsimok'aretina ka hanaovana fikarakarana manokana sy hisorohana azy tsy hifindra amin'olon-kafa
Rahoviana no manao Fitiliana	<ul style="list-style-type: none"> - Amin'ny fotoana rehetra raha toa ka te ahafantatra ny toe-pahasalamana momba ny fitondrana ny tsimok'aretina VIH - Raha misy ahiana: nanao firaisansana ara-nofo tsy voaaro na voaratran'ny fitaovana maranitra tsy voadio. - Alohan'ny fanambadiana sy mandritra ny fitondrana vohoka
Aiza no manao Fitiliana ?	Eny amin'ny Toby fitiliana na eny amin'ny tobimpahasalamana misahana ny fahasalamany reny sy ny zaza Marihina fa matetika isaky ny 01 Desambra dia misy hetsika momba ny fanaovana fitiliana maimaimpoana

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Fanontaniana arahim-baliny :
 - Inona no mahasamihafa ny VIH/SIDA ?
 - Manao ahoana ny fomba fisehony ?
 - Inona koa no fomba mampifindra azy ?
 - Ary inona ny fiarovana atao?
- Manendry olona telo manao fampiaharana mifanesy ny fomba fampiasana kapaoty

NY FIHAZANA MAHARITRA

TANJONA

Ao aorian'ny fampianarana ireo tanora dia afaka manentana ny olona tsy ampiasa ireo fitaova-manimba sy hanaja ireo datin'ny reserve.

FAHARETANY: 40 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages / Markers
- Masking tape

LESONA AMPITANA

Inona no atao hoe fihazana tsy maharitra?

Ny atao hoe fihazana tsy maharitra dia izay fomba fihazana rehetra mampiasa fitaovana manimba. Ireo fitaovana ireo dia madraoka na dia fia kelikely aza, mitarika izay karazanà zava-manan'aina maro anaty ranomasina. Ny fanimbana na fanorotoroana ny vato hara koa dia manimba ny toerana fipetrahan'ireo fia ireo.

Inona avy ireo fitaovana fihazana mety manimba ny tontolo an-dranomasina? Inona ny antony?

- **Tarikaky:** manimba satria madraoka mitarika izay zavatra rehetra anaty ranomasina ao, na fia kelikely na ireo biby kely sakafon'ny fia, na ireo zava-manan'aina hafa toy ny soky izay tokony sakafon'ireo fia bevata. Lasa avokoa ireny ary mandripaka ny zavatra rehetra ao anaty ranomasina ao.
- **Laro:** manimba satria ny poizina ao anatiny ao dia mamono ireo fia rehetra hita ao, na kely na lehibe ary koa mamono na dia ireo zava-manan'aina na zava-maniry hita ao. Manimba ny zavatra mivelona rehetra ao sy ny vato hara ny fanaovana laro.
- **Fihazana fia, horita, drakaka kelikely:** ny fihazana ireo biby mbola kelikely ka tsy mameala azy hitombo dia mandany ny harena an-driaka. Tahaka izany koa ny filàna drakaka na horita kelikely mandritra ny fisokafan'ny reserve. Ny fihazana horita, langouste ary crevettes amin'ny fotoana fidian'ny reserve koa dia tsy mampaharitra ny fision'izy ireo satria amin'io fotoana io no mitombo maro izy.
- **Fihazana be loatra (mare):** rehefa maro loatra ny fia hazàna an-driaka ao, rehefa maro loatra ny olona miantehitra amin'izany kanefa tsy afaka mitombo ireo ao, dia izay no atao hoe "be loatra" ny fihazana atao. Raha taloha mbola maro be ny fia, ary tsy lavitra ny seranana no fihazana azy, ankehitriny kosa tsy maintsy mandeha andrefana lavitra any vao mahazo fia maro. Misy fotoana aza tena tsy mahazo fia mihitsy ny mpihaza ao anaty andro iray.

Inona no atao hampaharitra ny harena an-driake?

Misy fomba maromaro ataon'ny olona mba hampaharitra ny harena an-driake:

- Fametrahana Quota na hoe ferana izay zavatra hazàna ao an-dranomasina ao. ohatra any Canada ny vondron'olona miaro dia mameatra ny fihazana isaky mpanjono.
- Famerana ny fotoana hihazan'ny fokonolona manahaka ny fanaovana reserva tsy maharitra
- Fanaovana reserva maharitra.
- Asiana refiny ny mason'ny harato, tsy azo ampiasaina ny fitaovana manimba.

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Jereo ny lesona natao ho an'ny TM raha te hahay bebe kokoa ny fomba fampitana azy ity

FIVORIANA FAHA-13

NY MAHA-ZAVA-DEHIBE MOMBA NY FAHASALAMAN'NY RENY SY NY ZAZA

TANJONA:

Ao aorian'ity lesona ity ny tanora tsirairay dia tokony hahay:

- Ny tokony atao'nny Vehivavy rehefa mitondra vohoka
- Ireo fambara loza mialoha sy afaran'ny fiterahana
- Ny fikarakarana mila atao amin'ny zaza vao teraka

FAHARETANY: 45-60 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages
- Markers + Taratasy fotsy + Stylo
- Masking tape

NY TOKONY ATAON'NY AMPELA BEVOHOKA

- Mila misakafo ara-dalana sy miovaova, ahatomombana ny fitomboan'ny vatana, isorohana ny fahasaratana eo am-piterahana
- Manatona tobim-pahasalamana mialoha ny faha-4 volana
- Misafo in-4 fara fahakeliny mandritra ny fitondrana vohoka
- Manao vaksiny fiarovana @ tetanosy ary vitana hatramin'ny farany
- Matory anaty lay misy ody moka, mihinana pilifera; SP
- Manao fitiliana farasisa sy VIH

FAMBARA LOZA AMIN'NY AMPELA BEVOHOKA :

- Mandritra ny vohoka:
 - mafana hoditra na mahatsiaro mangatsiaka be
 - marary an-doha na marary am-bava fo
 - mandoa tsy mijanona
 - hatsatra na vony ny tanana
 - misy rà na rano na tsiranoka maimbo mivoaka @ fivaviana
 - mandeha rà be mivoaka avy any @ fivaviana
 - mivonto ny tongotra, na ny tarehy, na ny tanana
- Aorian'ny fiterahana:
 - mandeha lio na rà be mivoaka avy any @ fivaviana
 - mafana hoditra
 - mifanintonia

Raha mitranga ny iray @ ireo **manatona tobim-pahasalamana akaiky** anao indrindra Ny Mpanentana ara-pahasalamana na AC dia afaka manampy raha misy olana vonjimaika ka aza misalasala ny miara-miasa amin'izy ireo.

NY KARINEM-PAHASALAMAN'NY RENY na KPV:

LOHAHEVITRA	PEJY
Mikasika ny Tanora	4 – 9
Ireo fambara loza ho an' ny fitondrana vohoka	11- 18
Ny Fiterahana	19
Fambara loza aorian' ny fiterahana	20
Fizaham-pahasalamana aorian' ny fiterahana	21
Fandrindrana Fiterahana :	22 – 23

NY KARINEM-PAHASALAMAN'NY ZAZA na KPZ :

LOHAHEVITRA	PEJY
Fanambarana zaza teraka sy fanaraha-mason' ny zaza raha vao teraka	2-4
Ireo fambara loza amin'ny zaza menavava	6-7
Hetsika fahadiovana mba hisorohana ny aretim-pivalalana	8-9
Ny Vakisiny, Ody kankana, vitamina A	10-11
Ireo hetsika tsy maintsy atao'ny reny mba hahasalama hatrany ny zaza	12- 17
Ireo fitsaboana ny zaza raha marary	18-59

IRETO NO TOLOTRA AZONTSIKA ANY AMIN'NY HOPITALY:

- Tsy andoavam-bola ny misafo, ny miteraka any amin'ny CSB
- Mora ny vidin'ireo fanafody izay tsy maintsy vidiana
- Efa mampiasa fitaovana manara-penitra ny mpampiteraka any amin'ny Hopitaly anisan'izany famelomana zaza, fisorohona ny faverezan-dra be loatra amin'ny reny, ny fanaovana vakisiny, ny fanapahana ny foitra sy ny arofoitra ary ny maro hafa ...

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- Fanontaniana arahim-baliny: Inona no tokony ataon'ny ampela bevohoka? Inona iaby ny fambara loza miseho?
- Ampirisiho ny tanora hampiasa ny karinem-pahasalamana izay misy rehefa manentana.

NY FIFAMPIANKINAN'NY ALA HONKO, VATO HARA ARY ORIAGNA

TANJONA

Aorian'ny fampianarana dia tokony ho hain'ny tanora ny fifampiankinana misy eo amin'ny zava-manan'aina an-dranomasina sy ny an-tanety ary ny fiankinantsika olombelona amin'izany koa.

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA:

- Emballages
- Markers + Taratasy fotsy + Stylo
- Masking tape

NY LESONA AMPITAINA

1- INONA NO ANJARA ASAN'NY ALA HONKO?

a. Inona ny atao hoe ala honko?

Ny honko dia zava-maniry mitsiry amin'ny faritra amoron-tsiraka na amoron-dranomasina ary amin'ireo tany mafana no hahitana azy. Ny ala honko dia fantatra amin'ny fakany (fotony/vaha) izay mipoitra eo ivelany ka tsy milentika anaty tany (fotaka). Maniry amin'ny tany misy fasika sady misy fotaka izy. Anarana hafa hiantsoan'ny olona azy koa ny hoe Agnabovahatse na Mikoko.

b. Inona avy ny tombontsoa azo avy amin'ny ala honko?

1. Manome sakafo ho an'ny olona toy ny fia, drakake, tsitsike, ahofa ary ny tsakody
2. Manome hazo hamboarana trano, vala ary lakana
3. Toerana hipetrahana sy fanatodizana ary fiterahan'ny biby maro toy ny voro, fia, drakake, tsitsike, tsakody, dangalia ary biby lava
4. Miaro ny tany tsy kahon'ny riaka
5. Manadio rivotra iainan'ny olona amin'ny sisin-driaka
6. Miaro ny tanàna rehefa misy rivo-doza
7. Miaro ny vato hara sy oriagna tsy ho azon'ny fotaka
8. Mampidi-bola amin'ny fizahan-tany
9. Toeran afaka hianarana sy hanaovana fikarohana

d. Ireo zavatra manimba ny ala honko

- Famatsihana hazo diso tahafahoatra hanaovana vala, trano na sokay
- Ny loza voajanahary toy ny rivo-doza dia mety hanimba ny ala honko
- Ny fanaovana tanim-bary, tanin-katsaka ary ny fanaovana tanin-tsira (mampitombo ny tahan'ny sira ao amin'ny tany ka tsy mety amin'ny honko)
- Fanaovana afo fandrehitra ny honko (charbon)

2- INONA NO ANJARA ASAN'NY VATO HARA?

a. Inona no atao hoe vato hara?

Ny vatohara dia zava-manan'aina hita anaty ranomasina any ary misy bibikely antsoina hoe "Polypes" maro be miaina ao anatiny ao. Carbonate de Calcium no mandrakotra ireo vato hipetrahan'ireo polypes ireo. Tsara marihina fa milimetatra vitsivitsy isan-taona no fitombon'ireo polypes ireo.

b. Inona no anjara asan'ny vato hara?

Sakafo: ao amin'ireo hara ireo no iveloman'ny trondro sy ny hazan-drano maro isan-karazany izay iankinan'ny velomam-pon'ny olombelona.

Fiarovana: miaro ny sisin-driaka sy ny tanàna ny vato hara. Ny onjan-dranomasina be izay entin'ny tsioky na ny cyclone dia tohanan'ny vatohara ka tsy afaka miditra amin'ny tanàna izany.

Fitsangatsanganana: raha madio ny sisin-driaka ary salama koa koa ny vatohara dia tian'ny olona ny mandehadeha mijery azy.

Fizahan-tany: Maro be maneran-tany ny olona mpanirika, ary misy koa mpizaha-tany izay tia manenty vato hara ka afaka hampidirana drala laha tena malio sy voahaja tsara ny vato hara. Fahasalamana: koa satria maro be ty olo mivelo amy ty riake dia tokony ho salama tsara koa izany ny haza na ny trondromipetraka ao amy vatohara ao.

3- INONA NO ATAO HOE ORIAGNA (AKATA)?

c. Inona no anjara asan'ny oriagna?

Ny oriagna dia karazanà bozaka na gazon (akata) maniry amin'ny ambanin'ny ranomasina ao. Tsy amin'ny lalina no misy ireo saha ireo fa akaikin'ny sisin-driaka. Ny anjara asan'ny oriagna dia:

- Toerana fipetrahana sy fisakafoanan'ny trondro sy ny zava-manan'aina hafa andranomasina
- Miaro ny sisin-dranomasina tsy ho kahon'ny riaka
- Mahatonga ny ranomasina ho madio kokoa alohan'ny handehanana any amin'ny vato hara

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

Mizara isan-tarika

Soratana mialohana ao anaty taratasy ny fanontaniana omena nytanora. Zaraina tarika roa ny tanora ary omena ny fanontaniana ka manana 15 minitra hamaliana azy.

1. Inona ny mampiankina (fifampiankinana) ny vato hara – oriagna - ala honko?
2. Fa maninona no miankina amin'ireo (vato hara, oriagna ary ny ala honko koa ny olombelona?)

Rehefa vita ny 15 mn dia misy solontena iray isaky ny tarika manambara ny valin'ny fanontaniana. Afaka manampy amin'ny fanampim-panazavana ny mpitarika.

NY FANDRAISAN'ANDRAIKITRY TANORA YG AMIN'NY MAHA- MPITARIKA

TANJONA:

Ireo tanora rehetra anaty YG dia tokony hampiseho amin'ny fiaraha-monina fa nahazo fampianarana izy ireo ka ho afaka handray andraikitra amin'ny sehatra rehetra toy ny

- Mpianatra izay mandray andraikitra any am-pianarana
- Ny vehivavy manambady koa handray andraikitra ao antokantrano
- Ireo mpanjono handray andraikitra momba ny asa fitantanana
- Ireo tanora mpivavaka handray andraikitra mba hanampy ireo tanora any am-piangonana
- Ireo lehilahy sy vehivavy mbola tsy manambady handray andraikitra mba hiaro tena hatrany sy harisika hanetsiketsika ny hafa

FAHARETANY: 60 minitra

FITAOVANA ILAINA: Emballages, Marker, Chemise carton...

1- INONA NY ANDRAIKITRY NY MPIANATRA AMIN'NY MAHA MPITARIKA:

- Mila mifantoka amin'ny fianarana, manaja Mpampianatra, mahalala fomba
- Tsy mamalivaly Ray aman-dreny no sady mankato azy ireo koa
- Mitaona ireo namany mpianatra mba hazoto hianatra momba ny tonolo iainana
- Mandray anjara amin'ireo asa momba ny tontolo iainana (fambolen-kazo sns...)
- Miezaka ny tsy miditra amin'ny firaisana ara-nofo mihitsy.
- Rha sanatria ka efa tafiditra amin'ny firaisana ara-nofo dia mila mampiasa ireo fomba fiarovan-tena amin'ny vohoka tsy nirina sy ny aretina vokatry ny firaisana ara-nofo tsy voaaro.
- Manatrika tsy tapaka ny lesona YG ary manentana tanora hafa mba hiditra ao koa.
- Manao fitiliana isan-taona mba hiaro tena hatrany amin'ny VIH

2- INONA NY ANDRAIKITRY NY VEHIVAVY TANORA IRAY IZAY MANAMBADY?

- Manelanelana ny isan'ny zaza ateraka
- Mitaona ny veihivavy hafa mba handeha hisafo, hiteraka an-dopitaly
- Mijanona vady tokana ihany
- Manentana momba ny fahasalamman'ny reny sy ny zaza
- Manao fitiliana isan-taona mba hiaro tena hatrany amin'ny VIH
- Manambara amin'ireo tompon'andraikitra raha msy fandikan-dalana hita sady tsy matahotra ny hijoro vavolombelona
- Mandray anjara amin'ny asan'ny Fikambanana miaro ny tontolo iainana

3- INONA NY ANDRAIKITRY NY TANORA LEHILAHY:

- Mampihatra ny tekinika fihazana miaro ny asa fiarovana
- Manentana ny tanora namany mba hampiasa Fimailo
- Tsy manao ireo asa manimba
- Mandray anjara amin'ny asan'ny fikambanana miaro ny tontolo iainana
- Manentana sy manetsiketsika eo an-tanana momba ny fiarovana ny tontolo iainana.
- Miditra an-tsehatra amin'ireo asa izay ataon'ny BLUE VENTURES
- Mitaona ny tanora hafa hiditra anaty YG
- Manao fitiliana isan-taona mba hiaro tena hatrany amin'ny VIH
- Manambara amin'ireo tompon'andraikitra raha msy fandikan-dalana hita sady tsy matahotra ny hijoro vavolombelona

4- INONA NY ANDRAIKITRY IREO TANORA MIVAVAKA ANY AM-PIANGONANA:

- Manazava ny tena marina amin'ireo tanora hafa izay tsy mpikambana
- Mandresy lahatra ny mpitondra fivavahana ny mahazava-dehibe ny fiangonana amin'ireo asa fitantanana an-driaka
- Tsy matahotra ny hamaly ireo tsaho miely amin'ny olona maro
- Marisika hatrany amin'ny fivoriana isam-bolana.
- Mandray andraikitra amin'ny asan'ny Fikambanana

Toromarika ho an'ny Mpitarika Fivoriana:

- ✓ Zaraina isaky ny sokajy ny mpivory (Tanora tsy manambady-Ampela manambady- Mpianatra)
- ✓ Asaina izy ireo hitantara ny tokony noho iify ireo nahavita hatramin'ny farany ny lesona
- ✓ Asiana famintinana tsara mba hampazoto ny rehetra raha mbola vonona hanohy ny fianarana
- ✓ Omena mari-pankasitrhana ireo rehetra nianatra hatramin'ny farany ary ampidirina ho isan'ny tanora mpitarika



Teny fisaorana:

Arahabaina ianao fa nahavita ny lesona hatramin'ny farany.

Hahazo maro-pankasitrahana ianao ary lasa tanora modely izay mandray andraikitra sy vonona hanampy tanora hafa ianao ankehitriny.

Mampirisika anao izahay mba hanohana tanteraka ny asa fiarovana ny tontolo iainana izay ataontsika ankehitriny ary hianatra bebe kokoa momba ireo lalàna na Dina izay mifehy ny faritra misy antsika.

Mbola hitohy ny lesona.